



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavaha • Tanindrazana • Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA VOALOHANY
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2015

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-139

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY :

- volavolan-dalàna laharana faha-008/2015 tamin'ny 6 Mey 2015 mikasika ny filatsahana antsitrabo eto Madagasikara.
- volavolan-dalàna laharana faha-029/2014 tamin'ny 3 Oktobra 2014 « autorisant la ratification du Protocole III additionnel aux conventions de Genève relatif aux Emblèmes ».
- volavolan-dalàna laharana faha-009/2015 tamin'ny 6 Mey 2015 « autorisant la ratification de l'Accord de Prêt de la Facilité d'Appui à la Transition relatif au financement de Projet d'extension de Périmètre de Bas-Mangoky conclu le 06 mars 2015 entre la République de Madagascar, la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement » (BAD/FAD).
- volavolan-dalàna laharana faha-010/2015 tamin'ny 6 Mey 2015 « autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au financement du Projet d'Extension du Périmètre de Bas-Mangoky conclu le 06 mai 2015 entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement (FAD) ».
- volavolan-dalàna laharana faha-006/2015 tamin'ny 11 Martsa 2015 « autorisant l'Accord de Prêt relatif au financement du projet d'aménagement et d'asphaltage de la route nationale RN5 Soanierana Ivongo-Mananara nord, conclu le 20 novembre 2014 entre la République de Madagascar et le Fonds d'Abu Dhabi pour le Développement ».

Fivoriana faha-20
Natao ny
Alatsinainy 22 Jona 2015
- Tolak'andro -

FOTOPOTOTRY NY FIVORIANA

Natao ny

Alatsinainy 22 Jona 2015

Tolak'andro

	Pejy
- Fitohizan'ny fivoriana	01
- Fiantsoana anarana	02
- Fandinihana ny "projet de loi n°008/2015 du 06 mai 2015 relatif au Volontariat à Madagascar"	02
- Famakiana ny tatitra	02
- Fanamarihana na fanitsiana ny tatitra	06
- Famelabelarana ny antonanton'ny volavolan-dalana	07
- Adihevitra ankapobeny	08
- Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalana laharana faha-008/2015 tamin'ny 6 Mey 2015 mikasika ny filatsahana an-tsitrapo eto Madagasikara	12
- Fandinihana ny « projet de loi n°029/2014 du 03 mai 2014 autorisant la ratification du Protocole III additionnel aux conventions de Genève relatif aux Emblèmes »	20
- Famakiana ny tatitra	21
- Fanamarihana na fanitsiana ny tatitra	25
- Famelabelarana ny antonanton'ny volavolan-dalana	26
- Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny « projet de loi n°029/2014 du 03 octobre 2014 autorisant la ratification du Protocole III additionnel aux conventions de Genève relatif aux Emblèmes »	27
- Fandinihana ny volavolan-dalàna laharana faha-009/2015 tamin'ny 6 Mey 2015 "autorisant la ratification de l'Accord de Prêt de la Facilité d'Appui à la Transition relatif au financement du Projet d'Extension du Périmètre de Bas-Mangoky conclu le 06 Mars 2015 entre la République de Madagascar, la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (BAD/FAD)	29

- Famakiana ny tatitra	30
- Fanamarihana na fanitsiana ny tatitra	34
- Famelabelarana ny antonanton'ny volavolan-dalana	36
- Adihevitra ankapobeny	37
- Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalana laharana faha-009/2015 sy ny volavolan-dalana laharana faha-010/2015	43
- Fandinihana ny "projet de loi n°006/2015 du 11 Mars 2015 autorisant l'Accord de Prêt relatif au financement du Projet d'aménagement et d'asphaltage de la route nationale RN5 Soanierana Ivongo-Mananara Nord, conclu le 20 novembre 2014 entre la République de Madagascar et le Fonds d'Abu Dhabi pour le Développement »	46
- Famakiana ny tatitra	46
- Fanamarihana na fanitsiana ny tatitra	49
- Famelabelarana ny antonanton'ny volavolan-dalana	50
- Adihevita ankapobeny	51
- Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny "projet de loi n°006/2015 du 11 mars 2015	54
- Fiatoan'ny fivoriana	55

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RAKOTOMAMONJY Jean Max

MPITANTSORATRA: Andriamatoa isany :

- VANOVASON Jean Adrien
- RANDRIANARISOA GUY Célin Rivoniaina

FOTOANA: Alatsinainy 22 Jona 2015, tamin'ny 3 ora sy 35 minitra, tolak'andro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny :

- volavolan-dalàna laharana faha-008/2015 tamin'ny 6 Mey 2015 mikasika ny filatsahana antsitrano eto Madagasikara.
- volavolan-dalàna laharana faha-029/2014 tamin'ny 3 Oktobra 2014 « autorisant la ratification du Protocole III additionnel aux conventions de Genève relatif aux Emblèmes ».
- volavolan-dalàna laharana faha-009/2015 tamin'ny 6 Mey 2015 « autorisant la ratification de l'Accord de Prêt de la Facilité d'Appui à la Transition relatif au financement de Projet d'extension de Périmètre de Bas-Mangoky conclu le 06 mars 2015 entre la République de Madagascar, la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement » (BAD/FAD).
- volavolan-dalàna laharana faha-010/2015 tamin'ny 6 Mey 2015 « autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au financement du Projet d'Extension du Périmètre de Bas-Mangoky conclu le 06 mai 2015 entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement (FAD) ».
- volavolan-dalàna laharana faha-006/2015 tamin'ny 11 Martsa 2015 « autorisant l'Accord de Prêt relatif au financement du projet d'aménagement et d'asphaltage de la route nationale RN5 Soanierana Ivongo-Mananara nord, conclu le 20 novembre 2014 entre la République de Madagascar et le Fonds d'Abu Dhabi pour le Développement ».

- Lakolosy -

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

Andriamatoa FILOHA

Andriamatoa sy Ramatoa isany namana mpiara-mikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena ;

Andriamatoa Minisitra sy ianareo mpikambana ao amin'ny Governemanta sy ireo teknisiana miaraka aminareo;

Andriamatoa sy Ramatoa isany Solombavambahoaka hajaina.

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Mitohy ny fivoriantantsika.

Miarahaba antsika rehetra Solombavambahoaka tonga manatrika izao fivoriana izao.

Antitranterina koa ny fiarahabana anao, Andriamatoa Minisitra sy ireo teknisiana miara-dia aminao.

Miangavy anao am-panajana, Andriamatoa Kestora, izay manatanteraka ny andraikitra ny Mpitantsoatra, hanao ny fiantsoana anarana.

- 2 -

- Fiantsoana anarana -

Andriamatoa ANDRIANARISOA Guy Célin Rivoniaina

Andriamatoa sy Ramatoa isany Solombavambahoaka:

Andriamatoa ABDILAH

.....

.....

.....

Andriamatoa TSIVOULANGNE Maximin

Izay ny fiantsoana anarana, Andriamatoa Filoha.

- 3 -

- Fandinihana ny "projet de loi n°008/2015 du 06 mai 2015
relatif au Volontariat à Madagascar"

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Kestora, nanatanteraka ny asan'ny mpitantsoatra, nanao izay fiantsoana anarana izay.

Ny fandaharam-potoanantsika androany tolak'andron'ny Alatsinainy 22 Jona 2015 izao dia fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny "projet de loi n°008/2015 du 06 mai 2015 relatif au Volontariat à Madagascar".

Koa miangavy anao am-panajana, Ramatoa Mpampakatenin'ny Vaomiera hiroso etỳ anoloana hitondra ny tatitra momba izany.

Raisintsika amin'ny tehaka ny fiakarany etỳ anoloana.

- Tehaka -

Mahazoa toerana ianao, Ramatoa Mpampakateny ary omena anao avy hatrany ny fitenenana.

- 4 -

- Famakiana ny tatitra -

Ramatoa RATSIVALAKA née RAHERIARIVO Marie Michelle

Nivory ny Zoma faha-19 Jona 2015 tamin'ny 2 ora sy fahefany, tolak'andro, ny Vaomieran'ny Mponina sy ny Fampandrosoana ara-tsosialy nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-008/2015 tamin'ny 6 Mey 2015 mikasika ny filatsahana an-tsitrabo eto Madagasikara.

Ramatoa RATSIVALAKA Michelle, Mpikambana ao amin'ny Vaomiera, no nitarika ny fivoriana ary niala tsiny noho ny tsy fahafahan-dRamatoa Filohan'ny Vaomiera nanatrika izany noho ny tsy maha eto an-toerana azy.

Nanatrika ny fivoriana Ramatoa RABEMANANJARA Célestine izay mpikambana ao amin'ny Vaomiera ihany koa.

Ireto avy ireo teknisiana nisolo tena ny Governemanta tamin'izany,

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1- RAJOELISON Josué	MCRI
2- ALIJIMY R. Joëlle	MCRI
3- RAZAFIMALALASOA Santatriniaina	DLC Primature
4- ANDRIANANDRAINA Laingolalao	MPPSPF
5- RAKOTONIRINA Rindra	MPPSPF
6- RAJOELINA Bien-Aimé	MCRI
7- RADANIELISON Liantsoa	DLC Primature

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Ramatoa Solombavambahoaka dia niangavy ny teknisiana mba hitondra fanazavana ny antonanton'ny volavolan-dalàna.

Ity volavolan-dalàna ity, hoy ny teknisiana, dia avy amin'ny Minisiteran'ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana sy ny Primatiora, mba handrindrana sy ho fampahafantarana ny filatsahana an-tsitrapo.

Tamin'ny taona 2014 no nivoahan'ny Tatitra voalohany momba ny Filatsahana an-tsitrapo eto Madagasikara. Ankehitriny dia feno herintaona no nisian'ny Mpilatsaka an-tsitrapo eto amintsika izay ankalazaina isaky ny 25 Oktobra. Isaky ny 5 Desambra kosa no andro iraisam-pirenena momba ny mpilatsaka an-tsitrapo.

Ny « volontaire » malaza indrindra eto an-tany dia ny « volontaire des Nations Unies » na atao hoe VNU. Izany hoe mpilatsaka an-tsitrapo ao amin'ny Firenena mikambana.

Amin'ny ankapobeny dia ny vehivavy no maro an'isa amin'ny filatsahana an-tsitrapo. Mahatratra 44% izany raha ny antontan'isa no jerena. Marihina koa fa efa ao anatintsika ny filatsahana an-tsitrapo saingy miankina amin'ny tsirairay ny fampiharana izany eo amin'ny fiaraha-monina.

Taorian'izany dia niditra tamin'ny famakiana ny volavolan-dalàna isan'andiny ny mpivory, ka tamin'izany no nametrahan'ny Solombavambahoaka fanontaniana:

- 1- Oviana no nisian'ny "volontariat" teto Madagasikara?
- 2- Azon'ny firenena vahiny atao ve ny mangataka mpilatsaka an-tsitrapo avy aty Madagasikara?
- 3- Tsy maintsy mandalo amin'ny « Coordonateur National de la Promotion du Volontariat » (CNV) ao amin'ny Minisitera mpiandrakitra sy ny Primatiora ve ny fangatahana mpilatsaka an-tsitrapo?
- 4- Inona no fiantraikan'ny fisian'ny mpilatsaka an-tsitrapo eo amin'ny lafiny tsy fananana asa?

Valim-panontaniana avy amin'ny teknisiana:

- 1- Efa ela no nisian'ny mpilatsaka an-tsitrapo fa tamin'ny taona 2014 no navoaka tamin'ny fomba ofisialy ny tatitra mikasika izany teto Madagasikara.

Araka ny nolazainy dia mihoatra ny 600 ny "volontaires" eto Madagasikara.

- 2- Misy karazany dimy ny mpilatsaka an-tsitrapo:
 - Volontariat: institutionnel, traditionnel/communautaire, religieux, national, international.

Midika izany fa misy eto an-toerana sy ny any ivelany.

- 3- Tsy maintsy mila ny fankatoavana (agrément) avy amin'ny CNV ny fangatahana mpilatsaka an-tsitrapo.
- 4- Marihina fa ny filatsahana an-tsitrapo dia tsy andraisan-karama saingy misy sokajy roa
 - a) "volontaire bénéficiaire d'allocation". Izany hoe mandray fanomezana; tsy andoavan-ketra ary tsy misy "CNaPS";
 - b) "volontaire non bénéficiaire d'allocation" izay mifidy ny hiasa an-tsitrapo tsy misy tambiny.

Nisy ireo fanazavana naroson'ny teknisiana.

Nomarihan'izy ireo fa araka ny voalazan'ny andininy faha-5 dia tsy tokony hiasa mihoatra ny 40 ora isan-kerinandro ny mpilatsaka an-tsitrapo ary tsy azo antsoina ho mpilatsaka antsitrano ireo "mains d'oeuvre pénitentier" (and. faha-8).

Ampiako kely eto fa roa taona ihany no afaka miasa ny mpilatsaka an-tsitrapo.

Mikasika ny vola omena ireo mpilatsaka an-tsitrapo dia tsy azo antsoina ho karama izany fa natao hoe tambin-karama (allocation). Ireo "volontaires occasionnels" kosa tsy mandray "allocation" araka ny voalaza ao amin'ny and. faha-12.

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fandaniana ny isan'andinin'ny volavolan-dalàna ny mpivory.

Famelabelarana ny antonantony: lany tsy nasiam-panovàna sy tsy nasiam-panitsiana.

Andininy voalohany hatramin'ny andininy faha-17: lany tsy nasiam-panovàna sy tsy nasiam-panitsiana.

Andininy faha-18: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-19: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-20 hatramin'ny andininy faha-26: lany tsy nasiam-panovàna sy tsy nasiam-panitsiana.

Andininy faha-27: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-28 hatramin'ny andininy faha-33: lany tsy nasiam-panovàna sy tsy nasiam-panitsiana.

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fandaniana ny volavolan-dalàna ny mpivory. Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana mandray fanapahan-kevitra anefa dia niato 30 minitra ny fivoriana.

Taorian'izany dia nolanian'ny Vaomieran'ny Mponina sy ny Fampandrosoana ny ara-tsosialy tamin'ny endriny nasiam-panovàna fa tsy nasiam-panitsiana ny volavolan-dalàna laharana faha-008/2015 tamin'ny 6 Mey 2015 mikasika ny filatsahana an-tsitrabo eto Madagasikara ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 4 ora, latsaka fahefany, tolak'andro ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

**TOVANA
FANOVANA**

VERSION ORIGINALE	VERSION AMENDEE
<p><u>Article 18</u>: La structure d'accueil qui souhaite faire appel au service de volontaires dans les conditions prévues par la présente loi doit obtenir l'agrément du Ministère en charge du Volontariat.</p>	<p><u>Article 18</u>: Toute structure d'accueil existante et/ou qui souhaite faire appel au service de volontaires dans les conditions prévues par la présente loi doit obtenir l'agrément du Ministère en charge du Volontariat.</p>
<p><u>Article 19</u> : La structure qui souhaite obtenir un agrément doit remplir les conditions suivantes :</p> <ul style="list-style-type: none"> - avoir une existence légale ; - avoir une vocation sociale ou d'intérêt public ; - avoir la capacité d'accueillir et d'encadrer les volontaires ; - mener effectivement des activités dans le cadre du développement socio-économique et culturel. 	<p><u>Article 19</u> : Afin d'obtenir l'agrément prévu à l'article 18, toute structure doit remplir les conditions suivantes :</p> <ul style="list-style-type: none"> - avoir une existence légale ; - avoir une vocation sociale ou d'intérêt public ; - avoir la capacité d'accueillir et d'encadrer les volontaires ; - mener effectivement des activités dans le cadre du développement socio-économique et culturel.
<p>Article 27 : les modalités d'exécution du contrat de volontariat seront précisées par voie réglementaire</p>	<p><u>supprimé</u></p>
	<p><u>Article 32 nouveau</u> : Toute violation aux dispositions de la présente loi fait l'objet de sanctions qui sont fixées par voie réglementaire.</p>

Izay, Tompoko, no tatitra natao taminareo.

Andriamatoa FILOHA

Maripankasitrahana ny tatitra nataonao izany tehaka izany, Ramatoa Solombavambahoaka. Misaotra anao amin'ny maha mpampakateny anao, nitondra izay tatitra izay.

Hiroso amin'ny fanamarihana sy fanitsiana momba ny tatitra novakiana teo isika. Mbola tsy miala amin'ny toerana ianao, Ramatoa Mpampakateny.

Mbola tsy miditra amin'ny adihevitra ankapobeny, fa fanitsiana ny tatitra aloha no hataontsika izao. Koa iangaviana hanangan-tànana izay handray fitenenana handraisana ny anarany. Ny Solombavambahoaka aloha, avy eo vao ny Governemanta.

Iza no manana fanamarihana na fantsiana mikasika ilay tatitra teo; atsangano ny tànana.

Tsy misy?

Raha tsy misy avy amintsika Solombavambahoaka, sao mba manana fanamarihana na fanitsiana ianareo Governemanta.

Omena anao am-panajana ny fitenenana, Andriamatoa Minisitra.

- 5 -

- Fanamarihana na fanitsiana ny tatitra -

Andriamatoa ANDRIANJATO Vonison, Minisitry Serasera sy ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana

Misaotra anao, Andriamatoa Filoha.

Ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra;

Ianareo Solombavambahoaka namana;

Misy fanamarihana tsotra; ny tarehimarika 44% io tokony ho 54%, Tompoko. Mahatratra 54% raha ny antotan'isa no jerena raha ny Vehivavy milatsaka an-tsitrapo no jerena.

Amin'ny hoe: "... ankehitriny, feno herintaona no nisian'ny mpilatsaka an-tsitrapo eto Madagasikara. Tsy izay fa io no vanim-potoana nanehoana ampahi-bemaso hoe mijoro ny rafitra mikarakarana ny mpilatsaka an-tsitrapo eto Madagasikara.

Izay angamba no fanamarihana, Andriamatoa Filoha.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Minisitra.

Ao amin'ny pejy voalohany amin'ny tatitra eny amintsika ireo fanamarihana roa teo ireo; miainga avy eny ambany, "paragraphe 3" no misy ny hoe 44% izay tokony ho 54%.

Miakatra "paragraphe" iray ambonin'io ny hoe: "Tamin'ny taona 2014 ... ankehitriny dia feno herintaona ny vanim-potoana nanambarana am-pahibemaso.

Misaotra antsika rehetra.

Mbola misy fanamarihana ve, Andriamatoa Minisitry?
Tsy misy intsony.

Vita izay ny momba ny tatitra, koa iangaviana am-panajana ianao, Ramatoa mpampakateny, hamonjy ny toeranao.

Raisintsika amin'ny tehaka ihany koa izany.

- Tehaka -

Averina aminao ihany, Andriamatoa Minisitry, sady solotenan'ny "Primature" ny fitenenana, hanazava amintsika ny antonanton'ity volavolan-dalàna ity.
Omena anao am-panajana, Andriamatoa Minisitry, ny fitenenana.

- 6 -

- Famelabelarana ny antonanton'ny volavolan-dalana -

Andriamatoa ANDRIANJATO Vonison, Minisitry ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana

Andriamatoa Filoha;

Andriamatoa mpikambana isany ao amin'ny Birao maharitra;

Isika namana Solombavambahoaka;

Isika namana teknisiana miara-manontrona eto.

Volavolan-dalàna entina hanamafisana sy hiarovana ny mpilatsaka an-tsitrapo eto Madagasikara ity atolotra ity.

Ny atao hoe mpilatsaka an-tsitrapo eto Madagasikara dia olona manao asa na hetsika an-tsitrapo, mahafoy tena, fotoana ary fahaizana; asa tsy misy teritery no atao, tsy miandry tambiny ihany koa.

Izay, Tompoko, no atao hoe mpilatsaka an-tsitrapo.

Ny tanjona: hanampy, hiasa ho an'ny mpiara-belona sy ny mpiara-monina ho fampandrosoana ny firenena. Efa nisy hatrany ny filatsahana an-tsitrapo teto Madagasikara, fa tamin'ny faha-25 Okotobra 2014 no nanao "engagement solennel" ny fanjakana Malagasy hoe hiahy ny asa na ny hetsika amin'ny filatsahana an-tsitrapo eto Madagasikara. Tamin'izany, tonga teto Madagasikara ny sambo lehibe iray "Mercy Ships", sambo hopitaly izay niantsona tao Toamasina. Mifanandrify amin'izay asa an-tsitrapo izay no nanaovany ny fitsaboana. Tao anatin'io sambo io no nisy mpilatsaka an-tsitrapo Malagasy izay niainga tao amin'ny CNV. Ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana no manana ny "cellule pour la promotion de volontariat à Madagascar". Misy teo amin'ny 200 isa teo no teratany Malagasy mpilatsaka an-tsitrapo tao amin'io sambo io. Maro ny asa sahanin'ny mpilatsaka an-tsitrapo tao. Nisy ny "interprète", tao ny "infirmier", ny "infirmière", ny "sage-femme". Maro no nanampy ny olona tao amin'ny sambo "Mercy Ships" tamin'izany.

Ny nananganana ny “cellule pour la promotion de volontariat” tao amin’ny Minisitery dia tamin’ny taona 2011 rehefa nanome tsodrano ny « résolution »-n’ny firenena mikambana, namaritra fa 5 Desambra no atao andron’ny “volontaires” manerana izao tontolo izao. Niangavy ny hisian’izany manerana ny firenena rehetra ny mpikambana ao amin’ny ONU. Namaly izany isika tamin’ny faha-25 Oktobra 2014. Najoro noho izany ny komity mpanomana ity volavolan-dalàna izay niarahana tamin’ny “Primature” ity ka izao tonga eto amin’ny Antenimierampirenena izao.

Misy karazany maromaro ny mpilatsaka an-tsitrabo: misy ny miasa an-tsitrabo eo anivon’ny Andrimpanjakana, ny asa an-tsitrabo ataon’ny fiangonana, ny asa an-tsitrabo nentimpaharazana, ny asa an-tsitrabo eo amin’ny sehatra nasionaly ary ny asa an-tsitrabo iraisampirenena.

Tao anatin’izay herintaona izay no nisian’ny fanontronana avy amin’ny alalan’ny Minisitery iandraiketako; maro ny asa ataon’ny “volontaire” eto Madagasikara nandritra izany. Tamin’ireny orambe sy ny “cyclone” nitranga ireny, niasa mangina ny “volontaire” tamin’ny fanampiana ny mpiara-belona manerana an’i Madagasikara. Tamin’ny famoahana ny olona tamin’ireny rano be ireny, anisan’ny nanampy ny miaramila izy ireo. Nanampy ny Foloalindahy tamin’ny ankapobeny, naka ny olona tany amin’ny toerana nisy azy izay efa tsy nahafahana nivoaka intsony.

Miisa eo amin’ny 609 000 eo ny “volontaires” manerana an’i Madagasikara, ny vehivavy no maro an’isa araka ny tarehimarika napetraka teo iny satria 54,5% no vehivavy ary 45,5% no lehilahy. Ny salan-taona na ny “âge moyen des volontaires” eto Madagasikara dia 39 taona eo; 15 taona ka hatramin’ny 35 taona eo no hita ho maro amin’izany; mahatratra 66% izy ireo. Azo lazaina hoe 100% amin’izy ireo no mahay mamaky teny sy manoratra satria 98,8% no tahan’izany. Izay no mahatsara ireo “volontaire” eto Madagasikara ireo, ontronin’ny “Nation Unies” izy ireo satria mbola tsy ara-dalàna ny fisiany noho ny tsy nahavitana ity lalàna ity. Rehefa lany ity lalàna ity, ny “Système des Nations Unies” no “partenaire” voalohany, sady “structure d’accueil”-n’ny “volontaire”-ntsika koa amin’ny lafiny rehetra.

Izay, Andriamatoa Filoha, amin’ny ambangovangony, ny mikasika ity lalàna angatahana fankatoavana eto amin’ny Antenimierampirenena ity.

Misaotra Tompoko.

- 7 -

- **Adihevitra ankapobeny** -

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Minisitry, tamin’izay fanazavana narosnao teo izay.

Hiroso amin’ny adihevitra ankapobeny isika izao koa iangaviana hanangan-tànana izay handray fitenenana handraisana ny anarany.

Mandray fitenenana voalohany sady mamaky lay, Andriamatoa REMI dit DJAO JEAN, voafidy tany Antsohihy.

Andriamatoa REMI dit DJAO JEAN

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Ny ahy amin'ny fisian'ny solotenan'ny Governemanta avy amin'ny fifandraisantsika amin'ny "Institution" iray no andraisako fitenenana fa tsy momba ity lalàna nentiny ity.

Amiko, tsy haiko na sitrapo na tsy sitrapo ity zavatra ity, fa rehefa tokony holaniana, aleo lanio amin'izao fotsiny.

Ny ahy, amin'ny maha Andrimpanjakana azy, ny zavatra mikasika antsika Solombavambahoaka no hoteneniko eto; izao no antony: nahazo taratasy avy any amin'ny Fivondronana misy ahy aho, nahazo "téléphone" avy any, tsy haiko, mety ho Fivondronana hafa koa no ho tratran'izay, tamin'ny fankalazana ny fetin'ny 26 Jona tamin'ny taon-dasa no nahitana izany. Raràn'ny "Minisitry de l'Intérieur" ny Solombavambahoaka any amin'ny Distrika maro mba tsy hikabary rehefa tonga ny faha-26 Jona. Raha ny fahitako azy, tsy mety izany satria nahoana ny Solombavambahoaka no raràna tsy hiteny. Maro anie ny olona tsy mahafantatra hoe inona no antony nahazoana ny fetin'ny 26 Jona. Tsara raha mba tenenina ihany ny ilazana izany amin'ny vahoaka. Hanao tatitra amin'ny vahoaka tamin'ny fivoriana lava be nataontsika tato anie ny Solombavambahoaka iray, ka tokony mba mikabary amin'io 26 Jona io eo anatrehan'ny olona izy. Heveriko fa rariny raha tsy tampenam-bava ny Solombavambahoaka rehefa fetin'ny 26 Jona.

Tsy ao anatin'ny fandanianana ity lalàna ity izany, fa noho ny Minisitry manatrika eto izay mpanelanelana antsika any amin'ny Governemanta no ilazana izany. Amin'ny maha Filohan'ny Antenimierampirenena anao, mitarika ity fivoriana ity, raha azo atao, aleo manao taratasy mihitsy raha eken'ny Solombavambahoaka namana hoe mahazo miteny ny Solombavambahoaka amin'ny fetin'ny 26 Jona.

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa FILOHA

Karazana satroka izany teny izany satria tsy misy fifandraisana amin'ny volavolan-dalàna izay dinihantsika.

Voaray izay ka horesahantsika amin'ny fotoana maha mety azy.

Mbola misy manan-kolazaina ve ny Solombavambahoaka amin'ny votoatin'ity volavolan-dalàna ity?

Andriamatoa TODAY Arnaud, Solombavambahoaka voafidy tany Soanierana Ivongo.

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka. Voaray izay ary horesahantsika rehefa avy eo.

Misaotra Tompoko.

Anao ny fitenenana, Andriamatoa TODAY Arnaud.

Andriamatoa TODY Arnaud

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Faly miarahaba an'Andriamatoa Minisitry sy ny teknisiana miaraka aminy.
Miarahaba ny Solombavambahoaka namana ihany koa.

Ny fanamarihana voalohany tiako hampitaina amin'Andriamatoa Minisitry dia fisaorana anareo satria nangataka ihany izahay teto ny handefasana mivantana amin'ny TVM sy RNM ny zavatra ataontsika eto. Misaotra anareo fa ny "rugby" omaly nadeha mivantana, ny tany Nosy Be koa, Andriamatoa Filoha, "en direct".

Manam-bola izany ny Ministera sy ny fitondram-panjakana raha vao resaka "rugby" satria ambony lavitra noho ny resaka ato amin'ny Antenimierampirenena izany.

Izay no fanamarihana voalohany tianay hampitaina, Andriamatoa Minisitry.

Misaotra anareo mikasika an'izay.

Faharoa, hiditra amin'ity "texte" ity izahay : ao amin'ny andininy faha-10, 11 ary faha-12 momba ny "droits et devoirs du volontaire", Andriamatoa Minisitry. « Volontariat » ihany no resahantsika eto, milatsaka an-tsitrabo no dikan'izay. Misy "droit" sa inona maromaro no mety ho azon'ny olona. Mahazo "droit à une information, allocation" izy, misy "indemnité" maromaro mety ho azony. Misy « offre » avy amin'ny fanjakana ve izany, manao "demande" ve ny olona hilatsaka an-tsitrabo satria raha ny fijeriko azy, rehefa misy "droit" tahaka izao, mety ho ambony lavitra noho ny karama no mety ho azon'ny olona milatsaka an-tsitrabo. Tsy aleo ve miditra amin'ity raha jerena ny "article 10, 11, 12".

Tsara raha azavaina ihany ireo, Andriamatoa Minisitry.

Manararaotra ihany momba ny Distrika misy anay izahay amin'izao mahazo "micro" izao. Henonay tamin'ny kabarin'Andriamatoa Minisitry, tany Nosy Be fa misy Distrika 40 eo mety hahazo "émetteur". Tsy tafiditra ao anatin'io ny Distrikan'i Soanierana Ivongo, Andriamatoa Minisitry, mangataka aminareo izahay satria tsy manana fa efa ho avy izao ny fetin'ny 26 Jona. Izahay tsy manana "télévision", tsy misy "radio" afa-tsy RNM sy TVM ihany. Tapatapaka ireo ary tsy mahenika ny Distrika iray manontolo akory. Mangataka "caméra" sy "pylône" koa satria iny no afaka mampita lavidavitra ny fandaharana.

Efa nanome "camera" ihany aho, saingy simba izany amin'izao fotoana izao.

Mba mangataka amin'ny Ministera izahay raha sitrakareo fitondram-panjakana.

Misaotra, Andriamatoa Minisitry.

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Mbola misy manan-kolazaina amin'ity volavolan-dalàna ity ve ny Solombavambahoaka?

Tsy misy?

Rehefa tsy misy, iangaviana am-panajana, Andriamatoa Minisitry, mba hitondra fitenenana momba ny voalazan'ny Solombavambahoaka teo.

Andriamatoa ANDRIANJATO Vonison, Minisitry ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Misaotra tamin'ny fanamarihana sy fanontaniana nataon'ny namana Solombavambahoaka avy any Soanierana Ivongo teo.

Mikasika ny « article 10, 11 » ary ny « article 12 » momba ny zon'ny mpilatsaka an-tsitrabo; mazava fa ny filatsahana an-tsitrabo dia tena an-tsitrabo tokoa ary ny « structure d'accueil » no manao ny fanabeazana an'ireo olona milatsaka an-tsitrabo ireo. Tsy eto amintsika ihany no misy an'io filatsahana an-tsitrabo io satria efa ela no nisian'izany. Marina ny teninao, fa indraindray mandray karama be noho ny mpiasa tsotra ny mpilatsaka an-tsitrabo, ohatra amin'izany ny Miaramila, Polisy ary Zandary avy eto amintsika, misy « offre » sy « structure d'accueil international » mikarakara azy ireo. Ohatra, raha nandeha nanao fandaminana tany « Haïti » sy « Darfour » tamin'ny fotoan'androny, filatsahana an-tsitrabo no nananan'ireny olona ireny kanefa ny « structure d'accueil » dia « système des Nations Unies » no ampiasaina ao aminy; fantatrareo fa avoavo ny tambin-karama amin'izany ary manaraka izao fepetra izao satria ity lalàna ity, manaraka ny « norme internationale »; tsy mandà ny fampiharana ny lalàna eto Madagasikara koa isika. Izay no fandehany amin'iny.

Misy koa anefa ny atao hoe « bénévole » izay mbola « volontaire » ihany. Ireo « bénévole » ireo no tsy mandray vola mihitsy, fa finiavana ny hanao zavatra no mahatonga azy mirotsaka an-tsitrabo, na ny Filohan'ny Fokontany eto amintsika aza mbola tafiditra amin'ity « volontaire » ity satria tambin-karama no iasan'izy ireo eto Madagasikara.

Ny « structure d'accueil » dia « responsable » manoloana ny « cellule pour la promotion du volontariat » eto Madagasikara, izy ireo no manara-maso, miahny ny « volontaire » mba tsy ho voazimbazimba ny zony, indrindra amin'ireo voalazan'ny « articles » miisa telo ireo.

Izay ny mikasika ireo « article 10, 11, 12 » ireo.

Raha ny marina, tokony tsy hamaly ny resaka « émetteur » sy « caméra » aho kanefa hovaliako ihany.

Manomboka eto ry havana Solombavambahoaka, « couverture nationale totale », izany hoe natao ireo 41 ireo ho an'ny toerana efa nisy fisidinana santatra niarahana tamin'ny teknisiana vahiny momba ny « 101 sites » manerana an'i Madagasikara; amin'ireo « 101 sites » ireo no tsy maintsy miainga ny fanaparahana amin'ny alalan'ny « émetteur ». Any amin'ireo toerana hametrahana « émetteur » ireo dia efa misy « émetteur » izay tokony haharakotra Distrika tahakan'i Soanierana Ivongo. Ireny no hanaovana « redéploiement »-n'ny « matériel » rehetra; i Madagasikara iray manontolo no hahazo an'io « émetteur » io. Mbola tsy fanaovana tatitra moa izao saingy iangarako ihany ianareo satria fantatro fa liana amin'ny fampahalalam-baovao.

Hatombotsika any amin'ny toerana farany « enclavée » ny fametrahana ny TNT; hatao aorian'ny « lancement officiel » izany satria ny datin'ny faha-17 Jona no angatahan'ny « Union Internationale de Télécommunication » tsy maintsy idirana amin'ny « basculement numérique ». Tsy maintsy nanao an'iny fihetsika iny isika mba hampisehoana fa azo atao eto Madagasikara izany rehefa hatao. Gaga izao tontolo izao nahita ny zavatra natao tany Nosy Be iny satria zavatra ataon'ny olona ao anatin'ny efa-bolana, andanian'ny olona miliara,

nataontsika tao anatin'ny efatr'andro, teknisiana Malagasy avokoa no nanatanteraka an'iny « basculement numérique » tany Nosy Be iny. Atỳ amintsika ny mason'izao tontolo izao hoe ahoana no nahavitan-dry zalahy an'iny zavatra iny.

Mahafaly ahy koa ny milaza aminareo momba ny politikan'ny Governemanta fa nahavita “desenclavement” mikasika ny radio ny Minisitara, tamin'ny alalan'ny Distrikan'i Betsioky Atsimo. Nanomboka tamin'ny herinandro teo, efa nandeha ny « radio nationale » any antoerana satria nahazo « émetteur » vaovao ry zareo; i Midongy koa efa nahazo, roa volana latsaka izay. Ao anatin'ny efa-bolana isika no hametraka an'i Madagasikara amin'izay « uniformisation » amin'ny fahafahana mihaino radio sy mijery televiziona nasionaly manomboka eto.

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

- 8 -

- Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalana laharana faha-008/2015 tamin'ny 6 Mey 2015 mikasika ny filatsahana an-tsitrapo eto Madagasikara -

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Minisitara.

Heveriko fa tsy misy manana fanamarihana intsony ny Solombavambahoaka; koa hiroso avy hatrany amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ity volavolan-dalàna ity isika.

Raha amin'ny ankapobeny, ahitana “Chapitre” miisa 7, misy andininy miisa 33 ity volavolan-dalàna ity. Horaisintsika araka ny fomba fanaontsika hatramin'izay ny fandaniana azy.

“Chapitre Premier: Dispositions Générales”

Ahitana andininy miisa 7, andininy voalohany ka hatramin'ny andininy faha-7; tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika ireo andininy ireo?

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny vaomiera.

- Solombavambahoaka miisa 51 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambara fa lany ny andininy voalohany ka hatramin'ny andininy faha-7, tsy nasiam-panovàna.

« Chapitre II : Des Conditions d'Adhésion des Volontaires »

Ahitana andininy miisa 2, andininy faha-8 hatramin'ny andininy faha-9; tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika ireo andininy ireo?

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny vaomiera.

- Solombavambahoaka miisa 51 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Solombavambahoaka iray no nanangan-tànana -

Lany ny "Chapitre II" ahitana ny andininy faha-8 ka hatramin'ny andininy faha-9, tsy nasiam-panovàna.

« Chapitre III : Des Droits et Devoirs des Volontaires »

Ahitana « section » miisa 2.

« Section 1: Droits du volontaire »

Ahitana andininy miisa 3, andininy faha-10 hatramin'ny andininy faha-12; tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika ireo andininy ireo?

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny vaomiera.

- Solombavambahoaka miisa 51 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Solombavambahoaka iray no nanangan-tànana -

Lany ny "section 1: Droits du volontaire", andininy faha-10 ka hatramin'ny andininy faha-12, tsy nasiam-panovàna.

"Section 2: Devoirs du volontaire"

Ahitana andininy miisa 5, andininy faha-13 ka hatramin'ny andininy faha-17; tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika ireo andininy ireo?

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny vaomiera.

- Solombavambahoaka miisa 51 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Solombavambahoaka iray no nanangan-tànana -

Lany koa ny "section 2: Devoirs du volontaire", ahitana ny andininy faha-13 ka hatramin'ny andininy faha-17, tsy nasiam-panovàna.

« Chapitre IV : De la Structure d'Accueil »

Ahitana andininy miisa 6, andininy faha-18 ka hatramin'ny andininy faha-23.

Andininy faha-18, nasian'ny Vaomiera fanovàna toy izao:

"Article 18 : **toute structure d'accueil existante et/ou** qui souhaite faire appel au service de volontaires dans les conditions prévues par la présente loi doit obtenir l'agrément du Ministère en charge du volontariat ».

Iza no manan-kambara mikasika io fanovàna naroson'ny vaomiera io.

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny vaomiera.

- Solombavambahoaka miisa 50 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Solombavambahoaka iray no nanangan-tànana -

Lany ny andininy faha-18 nasian'ny vaomiera fanovàna.

Andininy faha-19, nasian'ny vaomiera fanovàna toy izao:

“Article 19 : **afin d’obtenir l’agrément prévu à l’article 18, toute structure** doit remplir les conditions suivantes :

- avoir l’existence légale,
- avoir une vocation sociale ou d’intérêt public,
- avoir la capacité d’accueillir ou d’encadrer les volontaires
- mener effectivement des activités dans le cadre du développement socio-économique et culturel ».

Iza no manan-kambara mikasika io fanovàna naroson'ny vaomiera io?

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny vaomiera.

- Solombavambahoaka miisa 50 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Solombavambahoaka iray no nanangan-tànana -

Lany ny andininy faha-19 nasian'ny vaomiera faovàna.

« Chapitre V : Du Contrat du Volontariat »

Ahitana andininy miisa 4, andininy faha-24 ka hatramin'ny andininy faha-27.

Andininy faha-24 ka hatramin'ny andininy faha-26, tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika ireo andininy ireo?

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny vaomiera.

- Solombavambahoaka miisa 50 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Solombavambahoaka iray no nanangan-tànana -

Lany ny andininy faha-24 ka hatramin'ny andininy faha-26, tsy nasiam-panovàna.

Andininy faha-27, nofoanan'ny vaomiera.

Iza no manan-kambara mikasika ny fanafoanana nataon'ny vaomiera?

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny vaomiera.

- Solombavambahoaka miisa 50 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Solombavambahoaka iray no nanangan-tànana -

Lany ny fanafoanan'ny vaomiera ny andininy faha-27.

« Chapitre VI : De la Valositation du Volontariat »

Ahitana andininy tokana, andininy faha-28, tsy nasian'ny vaomiera fanovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io?

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny vaomiera.

- Solombavambahoaka miisa 50 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Solombavambahoaka iray no nanangan-tànana -

Lany ny andininy faha-28 tsy nasiam-panovàna.

« Chapitre VII : Dispositions Diverses et Finales »

Ahitana andininy miisa 5, andininy faha-29 ka hatramin'ny andininy faha-33.

Andininy faha-29 ka hatramin'ny andininy faha-31, tsy nasian'ny vaomiera fanovàna.

Iza no manan-kambara mikasika ireo andininy ireo?

- Tsy misy -

Atsangano ny tanaan'izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny vaomiera.

- Solombavambahoaka miisa 50 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Solombavambahoaka iray no nanangan-tànana -

Lany ny andininy faha-29 ka hatramin'ny andininy faha-31, tsy nasiam-panovàna.

Andininy faha-32, nasian'ny vaomiera fanovàna toy izao.

“Article 32 nouveau : Toute violation aux dispositions de la présente loi fait l’objet de sanction qui sont fixées par voie réglementaire ».

Iza no manan-kambara mikasika io fanovàna naroson'ny vaomiera io?

- Solombavambahoaka iray no nanangan-tànana -

Aleo henointsika izay tiany hambara sao misy fiatraikany amin'ny fifidianana hatao. Omena anao am-panajana ny fitenenana, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Andriamatoa JEAN MICHEL HENRI

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba anao, Andriamatoa Minisitry.

Amin'io “article 32” io, Andriamatoa Filoha, milaza hoe « toutes dispositions antérieures et contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées ». Raha ny fahazoako azy, nofafana io ka nosoloina an'ity iray ity kanefa tsy mitovy raha jerena, Andriamatoa Filoha.

“Formulation classique” io “article 32” “classique” io. Isaky ny lalàna tsy maintsy misy an'io, fa raha ampiana izy, ekeko ; noho izany tsy tokony hesorina io “article 32” taloha io.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Manana fanamarihana ve ianao, Andriamatoa Minisitry?

Andriamatoa ANDRIANJATO Vonison, Minisitry ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa Solombavambahoaka, tsy miala io fa ampiana an'ity fanamarihana natao tamin'ny « article 32 » ity. Io no ampiana amin'ny lazainao hoe « formule classique » satria

ny « article 27 » efa nofoanana ny teny hoe « par voie réglementaire ». Izay no natambatra amin'ity « article 32 » ity, miampy ny « formule classique » voalazanao teo.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Minisitra.

Noho izany, ny fomba “classique” araka ny tenin’Andriamatoa Solombavambahoaka teo, miampy an’ity vaovao ity no handraisantsika fanapahan-kevitra eto.

Iza no manaiky ny fanapahan-kevitra ny vaomiera araka ny fanitsiana natao teo?

- Solombavambahoaka miisa 39 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Solombavambahoaka miisa 5 no nanangan-tànana -

Ambara fa lany ny fanitsiana natao teo.

Andininy faha-33, tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io?

- Tsy misy -

Atsangano ny tànana’izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny vaomiera.

- Solombavambahoaka miisa 51 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Solombavambahoaka iray no nanangan-tànana -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Lany ny andininy faha-33 tsy nasian’ny vaomiera fanovàna.

Tompokolahy sy Tompokovavy Solombavambahoaka hajaina isany, vita izay ny fijerena ny isan’andininy. Hiroso amin’ny fandraisana fanapahan-kevitra amin’ny ankapobeny mikasika ity « projet de loi n°008/2015 du 06 mai 2015 relatif au Volontariat à Madagascar » ity isika izao.

Ny andininy faha-86 amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena hatrany no ampiharintsika amin'izao fandaniana izao.

Koa atsangano ny tanaan'izay mandany an'ity volavolan-dalàna ity.

- Solombavambahoaka miisa 50 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Solombavambahoaka iray no nanangan-tànana -

Ambara fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-008/2015 tamin'ny 6 Mey 2015, mikasika ny firotsahana an-tsitrapo eto Madagasikara.

Taorian'ny fandaniana ny volavolan-dalàna izay, omentsika fitenenana, Andriamatoa Minisitry, raha toa misy tiany ambara.

Mialohan'izay, fanaontsika rehefa misy volavolan-dalàna lany toy izao mitehaka mirefodrefotra.

- Tehaka -

Omena fitenenana ianao, Andriamatoa Minisitry, sao misy tianao hambara.

Andriamatoa ANDRIANJATO Vonison, Minisitry ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana

Andriamatoa Filoha;

Ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra;

Ry Solombavambahoaka havana.

Sanatria tsy hanao amborivory izahay, fa tonga milantom-pihavanana, tonga handravona izany eto aminareo Solombavambahoaka amin'izao fanehoanareo fiaraha-miasa sahady amin'ny Governemanta izao.

Izahay ato amin'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana, Tompoko, dia hampisokatra midanadana ny varavaran'ny Minisitera ho antsika Solombavambahoaka. Ianareo izao no solotenan'ny vahoaka manerana an'i Madagasikara. Ataonay adidy sy andraikitra no nandray anareo amin'ny fomba mitovy tao amin'ny Minisitera; Andriamatoa Minisitry no mitsena azy any amin'ny "salle d'attente" ho an'izay Solombavambahoaka tonga tao amin'ny Minisitera; tsy niandry ianareo tamin'izany fihaonana tany amin'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana izany. Ny Solombavambahoaka rehetra tonga tany, raha tsy voavaha 100% ny olana, eo noho eo amin'ny ampahany betsaka no efa nahitana vahaolana sahady. Noho izany, hiezaka izahay mba hitandro izany fiaraha-miasa matotra sy mahomby eo amin'ny

Minisitera izany; raha tsy ny Governemanta sy ny Andrimpanjakana amin'ny ankapobeny mihitsy, Andriamatoa Filoha, mba ho lasan'izay ny ratsy rehetra.

Tompokolahy sy Tompokovavy, misaotra anareo nandany ity volavolan-dalàna ity satria iankinan'ny fiainan'ny vahoaka maro izany; 609 000 no olona voakasin'ity. Raha ny salan'isa no jerena, 5 isan-tokantrano eo no isan'ny ankohonana Malagasy iray, miisa any amin'ny 3 tapitrisa any izany, Tompoko, no olona hahazo tombotsoa amin'ity volavolan-dalàna nolaniantsika androany ity.

Ity no andrasan'ny "partenaire technique et financier" indrindra ny « système des Nations Unies » amin'izao fiaraha-miasa manomboka miverina amin'izao tontolo izao sy i Madagasikara.

Koa mankasitraka mankatelina, Tompoko. Lehibe ny nataonareo ka hovalianay raha mahatsiaro.

Misaotra Tompokolahy.

Mankasitraka Tompokovavy.

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Minisitra, tamin'ny fandraisanao fitenenana. Hitanao falifaly daholo ny Solombavambahoaka amin'izao fotoana izao.

Mbola vao ny ao amin'ny Minisitera no misy an'izay « traitement égalitaire » izay, raha ohatra mitatra any amin'ny TVM sy ny RNM izany, vao maika ho faly ny Solombavambahoaka rehetra.

Misaotra anareo; omenay lalana am-panajana ianareo satria vita ny mikasika an'iny.

Amin'izao fotoana izao kosa hiditra amin'ny « projet de loi n°029/2014 du 3 octobre 2014 autorisant la ratification du Protocole III additionnel aux conventions de Genève relatif aux Emblèmes » isika.

- 9 -

- Fandinihana ny « projet de loi n°029/2014 du 03 mai 2014 autorisant la ratification du Protocole III additionnel aux conventions de Genève relatif aux Emblèmes » -

Andriamatoa FILOHA

Ampandrosointsika amin'izao fotoana izao ny Minisitera misahana izany.

Angatahana ihany koa ny Mpampakatenin'ny Vaomiera hiroso etỳ anoloana hitondra ny tatitry ny asa natao tany amin'ny vaomiera.

Mba raisonareo amin'ny tehaka ny namantsika Mpampakateny araka ny fomba mahazatra antsika.

- Tehaka -

Aiza ny Minisitra tompon'andraikitra; mbola tsy ao, raha ohatra tsy ao ny Minisitra tompon'andraikitra, voatery akisatsika ity raharaha ity.

Efa tonga ?

Mahazoa toerana avy hatrany ianareo.

Miangavy antsika Solombavambahoaka mba samy handray ny toerany ary hihaino ny tatitra ataon'ny Mpampakateny

Andriamatoa isany mpiara-mikambana ato amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena ;

Andriamatoa Minisitra.

Andriamatoa sy Ramatoa isany Solombavambahoaka hajaina.

Ny fandaharam-potoanantsika manaraka dia fandinihana sy ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny « projet de loi n°029/2014 du 03 mai 2014 autorisant la ratification du Protocole III additionnel aux conventions de Genève relatif aux Emblèmes ».

Efa eto anoloana ianao, Andriamatoa Mpampakanteny, koa angatahana ihany ny anjaranao amin'ny tehaka ataon'ireto Solombavambahoaka namantsika ireto.

- Tehaka -

langaviana ianao hiroso avy hatrany amin'ny famakiana ny tatitra momba ny volavolan-dalàna.

- 10 -

- Famakiana ny tatitra -

Andriamatoa RAMAROLAHY Maurice

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa Filoha;

Ianareo Mambran'ny Birao Maharitra;

Andriamatoa Minisitra sy ireo teknisiana miara-dia aminao;

Isika Solombavambahoakan'i Madagasikara.

Miarahaba antsika rehetra, Tompoko.

Nivory ny Zoma faha-19 Jona 2015 tamin'ny 2 ora sy 50 minitra, tolak'andro, ny Vaomieran'ny Lalàna, ny Vaomieran'ny Raharham-bahiny sy ny Fifandraisana amin'ny any Ivelany, ny Vaomieran'ny Fiarovam-pirenena nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-29/2014 tamin'ny 3 Oktobra 2014 "autorisant la ratification du Protocole III additionnel aux conventions de Genève relatif aux Emblèmes".

Andriamatoa RAMAROLAHY Maurice, Filoha Lefitry ny Vaomieran'ny Fiarovam-pirenena no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana:

- Vaomieran'ny Lalàna:

Andriamatoa isany,

- 1- RABEKIJANA Solofo Hery,
- 2- DJAOSERA Irénée.

- Vaomieran'ny Raharaham-bahiny sy ny Fifandraisana amin'ny any Ivelany:

Andriamatoa:

- 1- RANDRIAMANDIMBISON Félix

- Vaomieran'ny Fiarovam-pirenena:

Andriamatoa isany:

- 1- RAMAROLAHY Maurice,
- 2- ELITAFI Basile,
- 3- RAKOTOMALALA Lucien,
- 4- RANDRIANANDRAINA Théophile Christian.

- Tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera fa tonga nanatrika ny fivoriana,

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1- RANDRIAMBOLAINA Gerry,
- 2- RAKOTOMANJATO Rodin,
- 3- JEAN MICHEL Henri
- 4- RAHARINIRINA Sidonie

- Ireto avy ireo Solombavambahoaka nahatonga ny fialan-tsiny:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1- RANDRIANASOLO Jean Nicolas,
- 2- RAVAHIMANANA Guillaume,
- 3- NAHARIMAMY Lucien Irmah.

Tonga nisolo tena ny Governemanta ireto teknisiana manaraka ireto:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- | | |
|---|----------------------|
| - Colonel RAZAFIMAHATRATRA Jean Jacques | MDN, |
| - JOROTIANA Antoinette | MAE |
| - RAHARISALAMA Olga | MINJUS |
| - ANDRIAMIHAMINA Mihanta Malala Oliva | MCRI |
| - RANAIVO A. Tahina | Croix Rouge Malagasy |
| - RAZANAMPARANY Ginette Marie Léoncine | MID |

Fiarahabana ny mpivory no nanombohan'Andriamatoa Filoha Lefitra ny fitenenany. Taorian'izany dia nomeny ny teknisianina ny fitenenana mba hanazavazavany fohifohy ny antonanton'ity volavolan-dalàna ity.

Natomboky ny teknisiana tamin'ny fanolorana ireo solotena niara-namolavola ity volavolan-dalàna ity, izay avy amin'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena, Minisiteran'ny Raharaham-bahiny sy ny Fifandraisana amin'ny any Ivelany ary ny Minisiteran'ny Fitsarana, mivondrona

ao amin'ny "Commission Nationale du Droit International Humanitaire" ny fandraisam-pitenenany.

Misy sampandraharaha samihafa ao anatin'ity Fikambanana ity ary tokony ho tamin'ny taona 2005 no nentina teto amin'ny Antenimierampirenena ity volavolan-dalàna ity fa tsy tanteraka.

Taorian'izany dia nitondra fanazavana fohifohy mikasika ny antonantony namoronana ity "signe distinctif cristal rouge" vaovao ity ireo teknisianina.

Araka ny voalazan'ny andininy voalohany, andalana faharoa dia natao ny fifanarahana fanampiny faha-III izay mameno ireo fifanarahana efatra tany « Genève » ny 12 Aogositra 1949 izay mikasika ny fiarovana ny gadra an'ady sy ny sivily ary ireo babo an'ady.

Lasa nisy fanararaotana anefa ny fampiasana ireo mariky ny "Croix Rouge, Croissant Rouge" ireo taty aoriana teo amin'ny lafiny politika sy fivavahana, ka tokony ovaina ary hanaovana "signe distinctif" vaovao, izay no anton'ity fifanarahana-III fanampiny ity.

Efa nankatoavina ireo fifanarahana efatra tany « Genève » ary mpandany izany foana i Madagasikara, ka rariny raha mankatoa ity fifanarahana fanampiny ity koa.

Anisan'ny nahazo tombotsoa ny "Croix Rouge" Malagasy tamin'ny fiarovana ny tsy manantsiny taorian'ny fankatoavan'i Madagasikara ny fifanarahana tany « Genève » ny taona 1963. Efa 152 taona no nisan'ny "signe distinctif"-n'ny "Croix rouge" taorian'ny ady teo amin'ny Frantsay sy ny Alemana tany Italia. Maro ny maty sy naratra vokat'izany, ka nahatsapan'ilay Rangahy "Suisse" ny tokony hitsimbinana ireo niharam-boina nandritra ny ady, mba tsy hikasohana ireo mpamonjy voina ka namoronana ny "emblème"-n'ny "Croix Rouge", loko mivadiky ny sainam-pirenen'i "Suisse" izay nitsirian'ny hevitra. Tsy nisy resaka fivavahana na politika izany tamin'ny voalohany. Manana adidy hanaparitaka sy hampahafantatra ny "droit humanitaire" ny firenena iray izay nanao fankatoavana ny fifanarahana tany "Genève".

Taorian'izany dia niditra tamin'ny fametraham-panontaniana ny Solombavambahoaka izay narahim-baliny avy tamin'ny teknisiana.

1- Inona no antoka amin'ny tsy fampiasana intsony ireo "signes distinctifs" efa misy ireo aorian'ity fifanarahana vaovao ity?

2- Tsy resaka vonjy taitra ho an'ny niharam-boina an'ady anefa teo aloha tamin'ny Repoblika I sy II ny "Croix Rouge" (nampiasàna fiaramanidina madinika mihitsy tany amin'ny tany saro-dàlana); nanao asan'ny CSBI (nizara kininina ho an'ny ankizy) taty aoriana anefa dia nitsahatra izany, ka inona no antony?

3- Inona no fomba fiasa aorian'ny fankatoavana ity volavolan-dalàna ity sy ny fomba hampahafantarana ny olona fa iray ihany ireo "signes distinctifs" ireo sao sanatria ity vaovao ity no hamono ny "Croix rouge" efa mivelatra eto amintsika ka tsy hahavita ny asa efa nataony?

4- Tsy hifanipaka ve raha miara-tonga eny amin'ny tany miady ny "Croix rouge, Croissant Rouge, Cristal Rouge"? Raha tena te-hanatsara zavatra hisian'ny filaminana ny firenen-drehetra, maninona raha mifidy "emblème" iray fotsiny?

5- Tsy tokony ho tafiditra ao anatin'ny mpamolavola koa ve ny Minisiteran'ny Fahasalamana?

6- Tafiditra ao anatin'ny Tetibolan-panjakana ve ny tetibolan'ny "Croix Rouge"?

7- Mbola nankatoa ity fifanarahana ity koa ve ireo firenena nankatoa ny fifanarahana efatra tany “Genève”?

Niditra tamin’ny famaliana ireo fanontaniana ny teknisiana.

1- Azo antoka ny tsy fampiasana ireo “signes distinctifs” ireo intsony aorian’ity fifanarahana vaovao ity araky ny voalazan’ny andininy faha-6 noho ny andraikitra ateraky ny fankatoavana avy eo izay mitondra mankany amin’ny fampahafantarana ny “Cristal Rouge” amin’ny sehatra maro misy eto amin’ny firenena.

2- Nandray anjara betsaka noho ny fahaiza-manao nananany ny “Croix Rouge” Malagasy teo aloha satria tsy ampy ny an’ny Minisiteran’ny Fahasalamana; nefa taty aoriana dia noraisin’ny fanjakana izany. Ohatra, ny hopitalin’ny ankizy eny Tsaralalàna izay ny “Croix Rouge” no nanorina azy.

3- Mitovy zo arovana sy manan-kery daholo ireo “signes distinctifs” ireo noho izany dia tsy zavatra hafa ny “Cristal Rouge” fa misahana ny asan’ny “Croix Rouge” ihany.

4- Tsy mifanipaka raha miara-tonga eny amin’ny tany miady ny “Croix rouge, Croissant Rouge, Cristal Rouge” satria tanjona iray ihany no tratrarin’izy rehetra dia ny famonjena ireo niharam-boina.

Nisy ny famoronan’ny Silamo ny “Croissant Rouge” satria noheveriny fa an’ny Kristianina ny vokovoko mena. Ny firenena hafa koa toa an’i “Iran” dia namorona ny “Lion” sy ny “Soleil Rouge” ka izay no antony anaovana ity “Cristal Rouge” ity ho fifanarahana iraisana.

5- Misy solotenan’ny Minisiteran’ny Fahasalamana mihitsy ao anatin’ny mpamolavola ity volavolan-dalàna ity saingy tsy afa-namonjy ny fivoriana izy androany noho ny asa hafa sahaniny.

6- Manana ny tetibolany manokana ny “Croix Rouge” fa tsy miankina amin’ny fanjakana saingy efa manify dia manify izany ankehitriny noho ireo asa maro efa nosahaniny.

7- Mbola nanatontosa ny fankatoavana ity fifanarahana ity ireo firenena nanao sonia ny fifanarahana tany “Genève” ireo ka raha tsy mankatoa isika dia ilaozan’ny firenena mambra hafa.

Taorian’izany dia niroso tamin’ny fandaniana ny volavolan-dalàna ny mpivory. Tsy tratra ny fetr’isa ahazoana manapakevitra ka naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Nolanian’ireo Vaomiera ny volavolan-dalàna laharana faha-29/2014 tamin’ny 3 Oktobra 2014 “autorisant la ratification du Protocole III additionnel aux Conventions de Genève relatif aux Emblèmes” ary ho entina any amin’ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin’ny 3 ora sy 50 minitra, tolak’andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

- Fanamarihana na fanitsiana ny tatitra -

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Mpampakateny tamin'ny tatitra nataonao teo.

Hiditra amin'ny fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra isika; mbola tsy miditra amin'ny adihevitra ankapobeny aloha. Koa atsangano ny tanaan'izay handray fitenenana, handraisana ny anarany.

Tsy misy?

Koa satria tsy misy fanamarihana avy amintsika Solombavambahoaka, ka atolotra an'Andriamatoa Minisitry ny fitenenana, momba ny tatitra.

Omena anao am-panajana, Andriamatoa Minisitry ny fitenenana.

Andriamatoa RAKOTOZAFY Dominique Jean Olivier, Minisitry ny Fiarovam-pirenena

Andriamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena;

Ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra;

Andriamatoa Mpampakateny;

Ianareo Solombavambahoakan'i Madagasikara;

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Miarahaba antsika amin'izao tolak'andro izao.

Misy fanamarihana vitsivitsy apetraka satria ohatry ny mifanohatra na tsy mifanitsy amin'ny tokony ho izy no voalaza.

Raha sitrakareo dia ho any amin'ny pejy fahefatra.

Hafahafa amiko raha hanitsy an'ity fanontaniana ity, fa angamba any amin'ny valiny no hojerena; valin'ny fanontaniana voalohany hoe: "Azo antoka ny tsy fampiasana ireo "signes "distinctifs" ireo intsony aorian'ity fifanarahana vaovao ity araka ny voalazan'ny andininy faha-6, noho ny andraikitra ateraky ny fankatoavana avy eo izay mitondra mankany amin'ny fampahafantarana ny "Cristal Rouge" amin'ny sehatra maro misy eto min'ny firenena".

"Protocole additionnel" izy ity ary "signe distinctif additionnel" koa. Izany hoe fanampiny fa tsy misolo araka ny « article 2, alinéa 1 : Le présent protocole reconnaît un signe distinctif additionnel en plus des signes distinctifs des conventions de Genève et aux mêmes fins. Les signes distinctifs ont le même statut ».

Izany hoe azo antoka ny fampiasana ireo « signes » ireo mba tsy hisian'ny fisolokiana na fampiasana tsy ara-drariny na « abus d'utilisation d'emblèmes » araka ny voalaza ao amin'ny « article 6 ».

Io « article 6 » io no mametraka ny sazy omena ny olona manao "abus", hita amin'ny « prévention et répression des abus » izany.

Izay ny amin'iny pejy faha efatra iny. Izay no zava-dehibe mila ovaina amin'io.

Raha sitrakareo, hiverina kely amin'ny pejy fahatelo; miala tsiny fa nandingana aho teo.

Avy any ambany, amin'ny "alinéa 3", manomboka amin'ny hoe: "lasa nisy fanararaotana ny fampiasana ireo mariky ny "Croix Rouge" ireo taty aoriana tamin'ny lafin'ny politika sy ny

fivavahana ka tokony hovaina”. Tokony hosoloina hoe “ampiana” fa tsy “ovaina”. Ampiana ary anaovana “signe distinctif” vaovao amin’ity fifanarahana fahatelo fanampiny ity.

Izay no fanamarihana entinay.

Misaotra indrindra, Andriamatoa Filoha. Misaotra antsika rehetra.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra, Andriamatoa Minisitry, tamin’ny fanamarihana sy fanitsiana nentinao teo.

Heveriko fa samy nandray daholo izay nanandrify azy ny Solombavambahoaka.

Rehefa vita ny momba an’iny, heveriko fa tsy misy hanao fanamarihana intsony.

Averina aminao indray ny fitenenana, Andriamatoa Minisitry, hanazava ny antonanton’ity volavolan-dalàna ity.

Mialohan’izany, miangavy anao am-panajana, Andriamatoa Mpampakatany, mba hiverina amin’ny toerana ary mahazo ny anjara tehaka avy amin’ireto namana ireto koa ianao.

Omena anao am-panajana ny fitenenana, Andriamatoa Minisitry.

- 12 -

- Famelabelarana ny antonanton’ny volavolan-dalana -

Andriamatoa RAKOTOZAFY Dominique Jean Olivier, Minisitry ny Fiarovam-pirenena

Misaotra am-panajana, Andriamatoa Filohan’ny Antenimierampirenena, nanome ny fitenenana.

Raha fehezina ny fandehan’ity volavolan-dalàna ity; tany amin’ny “quatre convention de Genève” tamin’ny taona 1949 tany no nisy ny “Croix Rouge”. Efa voalaza teo ny tantarany hoe “drapeau Suisse” no niandohany, “fond rouge” ary “croix blanche” satria “Suisse” ny olona namorona azy. Mba hahamora azy, nataony “croix rouge sur fond blanc” ny saina. Izany hoe tany amboalohany, tsy misy resaka finoana mihitsy ny “Croix Rouge” fa fiarovana ireo olona mpamonjy voina sy maratra an’ady.

Taty aoriana, nisy ny “protocole additionnel”, hitan’ny “Musulman” ny “croix religieuse”, ka nasiana ny “croissant” ka nampidirina indray izany. Taty aoriana, nisy firenena nieritreritra fa tsy Kristianina ny « Musulman » ka nangataka “emblème” vaovao ry zareo. Izany hoe, tsy nisy nesorina mihitsy fa nampiana. Izay no nahatonga ny “Cristal Rouge”, natao “carré” izany ary ny tendrony iray no mitsatoka ambany. Ny asan’izy ireo “signes distinctifs” dia hiarovana ny trano, fiara ary ny olona manao “gilet”. Rehefa misy an’ireo, voaaron’ny lalàna iraisam-pirenena ny momba azy mba tsy hotafihana na hosamborina na hampijaliana. Izay no nahatonga an’ity “protocole additionnel” ity.

Amin’izao fotoana izao, ny ankamaroan’ny olona dia mampiasa ny “Croix Rouge” sy ny “Croissant Rouge”, atambatra amin’ny fiara ampiasaina.

Raha nanontany ny “Croix Rouge” Malagasy aho teo, efa mampiasa hono ry zareo amin’izao. Amin’ity volavolan-dalàna ity, miampy ny “Cristale Rouge” fotsiny ampiasaina amin’ny fiara na trano.

Tsy tokony hampifangaroana amin’ny “association croix rouge” izay manao “action humanitaire” ity “emblème” ity; resaka “emblème” fotsiny ity ary izay no naha betsaka ny fanontaniana avy tamin’ny Solombavambahoaka tany amin’ny “commission technique” hoe maninona ny “Croix Rouge” taloha no nizara kininina sy nanao “acte médical”; satria “croix rouge en tant que association” no nanaovany an’izay fa tsy “croix rouge en tant que emblème international”.

Ny tantara moa nilaza fa ny « Croix Rouge Malagasy » dia avy tamin’ny “Croix Rouge Française” fa tamin’ny taona 1963 vao nivadika ho “Croix Rouge Malagasy”. Talohan’ny nampatanjaka ny « système de santé de base » teto Madagasikara, ny « Croix Rouge » no nisy teto amin’ny firenena taloha, taorian’ny taona 1975 nisy an’ireny « nationalisation » ireny, nalain’ny fanjakana ny « bâtiment »-n’ny « Croix Rouge » ka anisan’izany ny « Hôpital des enfants » ao Tsaralalana io, an’ny « Croix Rouge » io no nalain’ny fanjakana. Izay no somary nampifangaro ny « Croix Rouge » tamin’ny « association », tamin’ny “emblème”. Miara-miasa amin’ny fanjakana ihany koa ny “Croix Rouge”.

Ohatran’izay amin’ny ankapobeny no anazavako ity volavolan-dalàna ity, fa raha mila ny andinindiny momba izany isika, eo ny Sekretera Jeneralin’ny « Croix Rouge Malagasy » mahalala bebe kokoa ka afaka mamaly ny fanontaniantsika.

Misaotra Tompoko.

- 13 -

- Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny « projet de loi n°029/2014 du 03 octobre 2014 autorisant la ratification du Protocole III additionnel aux conventions de Genève relatif aux Emblèmes » -

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Minisitra, tamin’izay famelabelarana nataonao teo izay.

Amin’izao fotoana izao, hiroso amin’ny adihevitra ankapobeny isika, koa izay handray fitenenana, iangaviana hanangan-tànana mba handraisana ny anarany.

Tsy misy?

Satria tsy misy manan-kolazaina isika Solombavambahoaka ary Andriamatoa Minisitra efa nanao ny famelabelarana, ka hiroso amin’ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ity « projet de loi n°029/2014 du 03 octobre 2014 autorisant la ratification du Protocole III additionnel aux conventions de Genève relatif aux Emblèmes » isika izao.

Marihina fa ahitana andininy miisa roa ity volavolan-dalàna ity ary araka ny voalazan’ny andininy faha-161 amin’ny didim-pitondrana laharana faha-67-AN/P mikasika ny Fitsipika

Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia tsy azo kitihana ny andininy ao anatin'ny fifanarahana, na ankatoavina na tsipahina na ahemotra ny fandaniana azy.

Amin'izao fotoana fandraisana fanapahan-kevitra izao, ny andininy faha-86 amin'ny Fitsipika Anaty hatrany no ampiharintsika.

Koa izay mandany ity volavolan-dalàna ity, atsangano ny tàmàna.

- Solombavambahoaka miisa 23 no nanangan-tàmàna -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay milaza fa ahemotra ny fandinihana azy.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ity volavolan-dalàna manome alalana ny « Protocole III additionnel aux conventions de Genève relatif aux Emblèmes » ity.

Taorian'izay fandaniana ny volavolan-dalàna izay, sao misy hambara ianao, Andriamatoa Minisitry. Omena fitenenana indray ianao, Tompoko.

Andriamatoa RAKOTOZAFY Dominique Jean Olivier, Minisitry ny Fiarovam-pirenena
Misaotra, Andriamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena ;
Ianareo Mambran'ny Birao Maharitra ;
Andriamatoa Mpampakateny ;
Ianareo Solombavambahoakan'i Madagasikara;
Tompokolahy sy Tompokovavy.

Fisaorana anareo nandany an'ity "projet de loi" momba ny "protocole additionnel relatif aux Emblèmes" ity no teny ataonay. Sitraka sy telina tokoa izany satria tsy nisy olana mihitsy tamin'ny fandaniana azy.

Farany, mirary fetim-pirenena sambatra ho antsika tsirairay sy ny ankohonanareo rehetra.

Misaotra Tompoko.

- Tehaka -

- 14 -

**- Fandinihana ny volavolan-dalàna laharana faha-009/2015 tamin'ny 6 Mey 2015
"autorisant la ratification de l'Accord de Prêt de la Facilité d'Appui à la Transition
relatif au financement du Projet d'Extension du Périmètre de Bas-Mangoky
conclu le 06 Mars 2015 entre la République de Madagascar, la Banque Africaine
de Développement et le Fonds Africain de Développement (BAD/FAD) -**

Andriamatoa FILOHA

Izany tehaka mirefodrefotra izany, Andriamatoa Minisitra, no mari-pakasitrahana tamin'ny anjaranareo teto.

Satria tapitra ny anjaranareo tamin'ny volavolan-dalàna dia omen-dalana am-panajana ianareo, Tompoko, hamonjy ny adidy aman'andraikitrareo samihafa. Mirary fety sambatra ho anareo koa izahay eto amin'ny Antenimierampirenena.

Misaotra Tompoko.

Amin'izao fotoana izao indray, hampandroso ny Minisiteran'ny Vola sy ny Tetibola, ny Minisiteran'ny Fambolena isika.

Mandrosoa ianareo ka mahazoa toerana, Tompoko.

Andriamatoa sy Ramatoa isany namana mpiara-mikambana ato amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena;

Ianareo Andriamatoa isany Minisitra;

Andriamatoa sy Ramatoa isany Solombavambahoaka hajaina.

Hiroso amin'ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-009/2015 tamin'ny 6 Mey 2015 "autorisant la ratification de l'Accord de Prêt de la Facilité d'Appui à la Transition relatif au financement du Projet d'Extension du Périmètre de Bas-Mangoky conclu le 06 Mars 2015 entre la République de Madagascar, la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (BAD/FAD) isika izao.

Manantitra ny fiarahabana anareo, Andriamatoa Minisitra sy ny teknisiana miara-dia aminareo.

Iangaviana ny mpampakatenin'ny Vaomiera, hiroso etỳ anoloana mba hamaky ny tatitra momba izany.

Mandroso ianao, Andriamatoa Solombavambahoaka ary aza hadino ny fomba fanaontsika.

Mahazoa toerana ianao ary raisinao avy hatrany ny fitenenana.

- Famakiana ny tatitra -**Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery**

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Andriamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena;
Ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra;
Ianareo Minisitra sy teknisiana;
Isika namana Solombavambahoaka tonga miatrika eto.
Tompokolahy sy Tompokovavy.

Nivory ny Zoma faha-19 Jona 2015 tamin'ny 3 ora sy 30 minitra, tolak'andro, ny Vaomiera mitambatra niarahan'ny Vaomieran'ny Fambolena sy ny Fampanandrosoana ny eny Ambanivohitra, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-009/2015 tamin'ny 6 Mey 2015 "autorisant la ratification de l'Accord de Prêt de la Facilité d'Appui à la Transition relatif au financement du Projet d'Extension du Périmètre de Bas-Mangoky conclu le 06 Mars 2015 entre la République de Madagascar, la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (BAD/FAD).

Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery, Filohan'ny Vaomieran'ny Fambolena sy ny Fampanandrosoana ny eny Ambanivohitra no nitarika ny fivoriana.

Ireo Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana:

Andriamatoa isany,

- 1- RABEKIJANA Solofo Hery
- 2- RAZAFAMILY Constance
- 3- JEAN MICHEL HENRI
- 4- RANAIVOSON Fanomezanjaka
- 5- RANDRIAMBOLAINA Gerry
- 6- RIVOTIANA Jean Bosco
- 7- RAKOTOMANJATO Rodin
- 8- RAKOTOSOLOFONDRAINIBE Zakamady

Tsy mpikambana ao amin'ny vaomiera fa tonga nanatrika ny fivoriana ireto Solombavambahoaka manaraka ireto:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

- 1- RAHARINIRINA Sidonie
- 2- RABENIRINA Jean René
- 3- RAVONINJATOVO Sahoby
- 4- ZAFIMAHATRATRA Abel
- 5- RAMAROLAHY Maurice
- 6- RABENIRINA Maminiaina

Naneho fialan-tsiny ny Solombavambahoaka RAVAHIMANANA Guillaume.

Ireo teknisiana nisolo tena ny Governemanta:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- | | |
|------------------------------|------------------------------|
| - RANDRIANASOLO Alexandre | MFB/SG |
| - RANDRIANARITIANA Pierrot | MINAGRI/SG |
| - RAHANIRAKA Haingotiana | MFB/Direction Dette Publique |
| - ANDRIAMIFIDY Soafaniry | MFB/DDP |
| - ANDRIANJAZA Harimbolatiana | MFB/DDP |
| - RAFALIMANANA Oliva | MINAGRI/DGR |
| - RAKOTOMANGA Aina | MFB/CAB |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nanao ny fifampahafantarana teo amin'ny Solombavambahoaka sy ny Teknisiana.

Taorian'izany dia nomena ny teknisiana ny fitenenana mba hanomezany fanazavana mikasika ity volavolan-dalàna ity.

Nambaran'ny teknisiana fa tetikasa iray ihany no hotanterahana amin'ireto famatsiam-bola voalazan'ny volavolan-dalàna laharana faha-009/2015 sy ny faha-010/2015 ireto ka hatao bango tokana ihany ny fanazavana.

Hanaovana ny fanitarana ny lemak'i Bas-Mangoky ireto famatsiam-bola ireto. Mirefy 5 000 ha ny lemaka efa nohajariana teo aloha. Teo ampanatanterahana izany no nahitana fa efa osa sy tranainy ny fampidiran-drano (prise de Bevoay) ka nangatahana famatsiam-bola fanampiny. Noeritreretina koa ny hanitarana an'i Bas-Mangoky hampandrosoana bebe kokoa. Vita io fanitarana io ka notokanan'ny Filohampirenena vao haingana fa noheverina ny hitohizan'ny tetikasa teo aloha.

Ny tanjona amin'ity tetikasa dia ny hampitomboana avo roa heny (10 000 ha) ny lemaka hohajariana mba hampiroborobo ny fidiram-bolan'ny tantsaha sy hampiakatra ny fiharian-karena amin'iny faritra iny ary ny fiharian-karena nasionaly mihitsy satria 2 taonina isaky ny hekitara teo aloha ny vokatra vary azo ka ho lasa 5 hatramin'ny 6 taonina isaky ny hekitara izany. Hahafahana mampihena ihany koa ny vary hafarana avy any ivelany izany.

Hisy ny fanamboarana lakan-drano sy ny fampianarana ny teknikan'ny fambolem-bary ny tantsaha.

Ny mpitantana ny tetikasa teo aloha ihany no hitantana azy ity.

Mitentina 95 040 000 000 Ariary no vola hindramina izay haverina mandritry ny 40 taona ka ny 10 taona voalohany dia tsy andoavana renivola. Ny "Commission de service" dia 0,75%-n'ny vola nindramina tsy mbola naverina. Ny "Commission d'engagement" dia 0,5%-n'ny vola tsy mbola voaray.

Ny 30 mey 2020 no fe-potoana famaranana ny tetikasa.

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny mpivory:

- 1- Nahoana no amin'ity toerana ity hatrany no nanaovana ny tetikasa kanefa misy toerana ahazoana vokatra 8 taonina hatramin'ny 11 taonina isaky ny hekitara?
- 2- Inona no mahasamihafa ity famatsiam-bola roa ity kanefa tetikasa iray izay hanitarana an'i Bas-Mangoky?

- 3- Aiza ho aiza ny politikan'ny Minisiteran'ny Fambolena mba hanomezana tombondahiny ny orinasa Malagasy amin'ny fanatanterahana ny fanadihadiana sy ny fanatanterahana ny tetikasa?
- 4- Nahoana no nakatona mialoha ny SIGFP kanefa mbola 75%-n'ny vola ihany no lany?
- 5- Aiza ho aiza ny paikadin'ny Minisitera mikasika ny "équilibre régional" satria tsy nisy intsony ny "Petits Périmètres Irrigués" (PPI), ohatra ny amin'ny Faritr'i Melaky izay namatsy vary an'i Morondava sy Maintirano teo aloha?
- 6- Moa ve mifanindry amin'ny fampielezan-kevitra amin'ny fifidianana kaominaly ny fandanianana ny Tetibola Fanitsiana izay mety tsy ahafahan'ny Solombavambahoaka mivory?
- 7- Afaka handatsahana orana artifisialy ve any amin'ny Faritra Androy noho ny tsy fisian'ny ranonorana any an-toerana?
- 8- Misy ve tetikasa omanin'ny Minisiteran'ny Fambolena momba ny lakan-drano any Vangaindrano?
- 9- Moa ve tafiditra amin'ny fandaharanasa fitsidihan'ny Minisitry ny any Andilamena?
- 10- Tafiditra amin'ny tetikasa homanin'ny Minisitera ve ny fijerena ny tohadrano any Ambohimambola izay efa nanamboarana antontan-taratasy kanefa tsy nisy valiny hatramin'izao?
- 11- Misy ve ny fanatsarana ny fanapariahana ny tetibola mba tsy hivangongo ao andrenivohitra intsony? Tsy ampy ny serasera amin'ny fitsinjarana ny tetibola?
- 12- Azo atao ve ny manolo ny mpiasan'ny Minisiteran'ny Fambolena any Mananara avaratra izay efa nisotro ronono kanefa tsy nisy solony hatramin'izao?
- 13- Azo averina ve ny "opération café" na "girofle" izay nisy teo aloha?

Toy izao ny valim-panontaniana nomen'ny teknisiana:

- 1- Famatsiam-bola fanintelony an'i Bas-Mangoky ity, nahatratra 80 000 ha ny toerana efa nohajariana nandritry ny 3 taona ary vinavinaina ho 250 000 ha izany ao anatin'ny 5 taona ka ny tanjona amin'izany dia ho voajery avokoa ny faritra rehetra mpamboly vary manerana ny Nosy.
- 2- Hanaovana tetikasa iray ihany ireo famatsiam-bola roa ireo saingy misy fetra ny vola azon'ny mpamatsy vola omena ka izany no nahatonga ny findramam-bola hizara roa. Marihina fa vondrona mpamatsy vola iray ihany ny BAD sy ny FAD fa ny kitapom-bola no samihafa. Nozarazaraina ihany koa ny kitapom-bola mba hahamora ny fanarahamaso ny vola ampindramina.
Ny asa hatao amin'izany dia ny fanitarana ny lemaka sy ny lakan-drano. Voasokajy tamin'ny firenena marefo (pays fragiles) i Madagasikara ka nanamora ny fahazoana nindram-bola.
- 3- Marihina fa "bureau d'étude" Malagasy no nanao fanadihadiana ity tetikasa ity. Tamin'ny famatsiam-bola PRIASO izay nataon'ny BAD tany amin'ny Faritra Atsimo Andrefana dia miisa 7 ny "lots" ka lasan'ny orinasa Malagasy ny 4 fa ny 3 kosa no lasan'ny Sinoa. Ny fepetra apetraky ny "Dossier d'Appel d'Offres" (DAO) no mamaritra azy.
- 4- Rehefa natao ny toman'ezaka vita tamin'ny enim-bolana voalohany dia hita ny fiiban'ny vola niditra noho ny loza voajanahary nihatra tamin'ny firenena ka tsy tratra ny tanjona nokendrena. Araka ny dinikasa niarahana tamin'ny FMI dia mitentina « 47 millions de dollars » ny tetibola fanitsiana izay hampifanandrifiana amin'ny "Conseil d'Administration du FMI" amin'ny volana Septambra ho avy izao. Ny nahatonga

antsika nanao «suspension d'engagement » dia mba hananana antontanisa iray azo antoka fa tsy hiovaova.

Ho foana ny « taux de régulation » ka afaka hanao « engagement de dépenses » ny Andrimpanjakana sy ny Minisitera tsirairay mandra-pahatongan'ny « clôture des opérations budgétaires ».

- 5- Ny Minisiteran'ny Fambolena no anisan'ny voalohany namaky lalana tany Antsalova tamin'ny fitsirihana nataony. Betsaka ny lemaka notsirihana manerana ny Nosy, maro tamin'ireo no nanaovana tetikasa (PURSAPS, BVPI, PUIPIRV, FORMAPROD...), nisy tamin'izany koa no tsy ahazoana vokatry intsony noho ny fiovaovan'ny toetr'andro. Nametraka "Directions Régionales" manerana ny Faritra 22 ny Minisiteran'ny Fambolena.
- 6- Amin'ny 2 Jolay ho avy izao no fotoana hametrahana ny tetibola fanitsiana eto amin'ny Antenimierampirenena, ny fahafaingan'ny fandinihana azy dia mampiala ny fifanosonan'ny fotoana fandinihana azy sy ny fampielezan-kevitra amin'ny fifidianana Kaominaly.
- 7- Ny Governemanta no tompon'andraikitra amin'ny fanaovana ny orana artifisialy fa tsy manana tetibola manokana hanaovana izany ny Minisiteran'ny Fambolena. Misy ihany koa ny fepetra ilaina hahafahana manatanteraka izany.
- 8- Efa nisy ny famatsiam-bola nataon'ny AFD tany amin'ny faritra Atsimo Atsinanana mikasika ny tohadrano miisa 5 tamin'ny herintaona ka ezahana ny hitohizan'izany tetikasa izany amin'ny fampianarana ny olona hamboly.
- 9- Voaray ny hetaheta mikasika ny fitsidihana an'Andilamena ka ho hita amin'ny manaraka ny fotoana handehanana any.
- 10- Efa nisy ny fitsidihana an'Ambohimanambola tamin'ny herintaona fa tsy mbola vitan'ny teknisiana ny fanadihadiana izany fa mila "bureau d'études".
- 11- Voaray ny hetaheta mikasika ny fanaparahana ny tetibola. Efa misy ny fanaparahana ny "crédit budgétaire", efa tafapetraka any amin'ny Faritra 22 ny "Personne Responsable de Marché Public" (PRMP).
- 12- Tsy any Mananara ihany no tsy ampy ny mpiasan'ny Minisiteran'ny Fambolena fa manerana ny Nosy mihitsy. Hiezaka ny Minisitera hanatsara izany ka efa nisy fandraisana mpiasa 100 tamin'ity taona ity.
- 13- Tafiditra amin'ny politikan'ny Minisitera ny fampiroboroboana ny "filère porteuse", efa eo am-pamolavolana miaraka amin'ny Banky Iraisam-pirenena ny Minisitera ka ny momba ny jorofo no efa tafiditra, mbola hojerena ny mikasika ny kafe.

Soso-kevitra naroson'ny Solombavambahoaka ny tokony hifampidinihan'ny Solombavambahoaka sy ny Minisitera rehefa hanao tetikasa satria izy ireo no tena mahafantatra ny hetahetan'ny vahoaka any amin'ny Faritra.

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fankatoavana ny volavolan-dalàna ny mpivory.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia niato antsasakadiny ny fivoriana mba hanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Rehefa izany dia nankatoavin'ny vaomiera mitambatra ny volavolan-dalàna laharana faha-009/2015 tamin'ny 6 Mey 2015 « autorisant la ratification de l'Accord de Prêt de la Facilité d'Appui à la Transition relatif au financement du Projet d'Extension du Périmètre de Bas-

Mangoky conclu le 06 Mars 2015 entre la République de Madagascar, la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (BAD/FAD) » ka hoentina handraisana fanapahan-kevitra eo anivon'ny fivoriambe.

Nifarana tamin'ny 5 ora sy 40 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa fa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Misaotra Tompoko.

- 16 -

- Fanamarihana na fanitsiana ny tatitra -

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Mpampakateny.

- Tehaka -

Mankasitraka ny fampiakaran-teny nataonao teo.

Hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra isika; mbola tsy miditra amin'ny adihevitra ankapobeny, fa fanitsiana ny tatitra aloha no ataontsika izao. Koa atsangano ny tanaan'izay handray fitenenana handraisana ny anarany.

Tsy misy?

Rehefa tsy misy avy amin'ny Solombavambahoaka, sao manan-kolazaina ianareo Andriamatoa Minisitry isany; fanitsiana na fanamarihana ny tatitra izay natao teo.

Andriamatoa RAKOTOARIMANANA François Maurice Gervais, Minisitry Vola sy ny Tetibola
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena ;
Inareo mambran'ny Birao Maharitra ;
Isika Solombavambahoaka rehetra tonga eto.

Misy fanamarihana anankiray tiana hoentina mikasika ny tatitra nataon'ny Mpampakateny teo; amin'ny "alinéa" tsy misy pejy ny "dossier" eto am-pelan-tànako, eo amin'ny valim-panontaniana nomen'ny teknisiana, valim-panontaniana faha-4. Asa raha hitantsika rehetra izany.

Voalaza eto hoe : « Rehefa natao ny toman'ezaka vita tamin'ny enim-bolana voalohany dia hita ny fiiban'ny vola niditra noho ny loza voajanahary nihatra tamin'ny firenena ka tsy tratra ny tanjona nokendrena. Araka ny dinikasa niarahana tamin'ny FMI dia mitentina "47 millions de dollards" ny tetibola fanitsiana".

Io no tiako asiana fanitsiana kely: tsy tena tetibola fanitsiana akory io satria rehefa nandalo ny FMI nanao ny toman'ezaka, hita fa mbola ambany ny hetra niditra tamin'ny fanjakana. Noho izany antony izany, nisy ny fifampiresahana; noheverina fa ny fotoana tokony hampidirana ny "dossier"-n'i Madagasikara amin'ny "Conseil d'Administration"-n'ny FMI

mikasika ny “fonds élargi du crédit” dia namboarina indray ny “calendrier” satria tsy ampy loatra ny efabolana nanaovana ny toman’ezaka. Raha mikasika ny hetra manokana, hita fa tsy nisy fotoana “propice” loatra nandritra ny volana Janoary, Febroary, Martsa ary Aprily ahafahana mampiditra ny hetra tokony ho azo ary araka ny fantatsika ny 15 Mey no mifarana ny fametrahana ny “déclaration” sy ny fametrahana ny “état financier”-n’ny “entreprise” izany. Raha mikasika ny hetra manokana, tsy “propice” loatra ireo fotoana ireo.

Faharoa, marina mihitsy ny voalaza teo ary raha mikasika ny “douane” manokana, misy ihany ny “conjoncture économique”. Izany hoe tsy niakatra araka ny niheverana azy ny “volume”-n’ny “importation”. Noho izany tsy naharaka an’izay loatra ny vola niditra tamin’ny “douane”.

Izay rehetra izay no efa nifampiresahana tamin’ny FMI hoe mba tsy olana loatra mikasika ity “fonds élargi du crédit” ity, aleo “réajuster”-na ny “calendrier”. Izany hoe any amin’ny faran’ny taona no atao ny toman’ezaka mikasika izany kanefa nangataka izahay hoe mba tokony hisy vola homén’ny FMI raha hahemotra ny “calendrier”. Izay no nahatonga ny vola nomeny ho any amin’ny “47 millions de dollars”. Tafiditra amin’ny “facilité de crédit rapide” io vola io ka izay no ahatongavany eto amintsika amin’ny volana Aogositra, mba hanome antsika an’io vola io.

Tsy misy fepetra manokana izany, fa tsy maintsy miverina any “Washington” izy manao tatitra momba an’izay. Ny dikan’izay dia miverina ry zareo anaovantsika “accord” mikasika an’io ary mitohy ihany ny toman’ezaka atao hatramin’ny faran’ny taona mba ahafahana manolotra ny “dossier”-an’i Madagasikara amin’ny “Conseil d’Administration”-n’ny FMI any amin’ny volana Janoary na Febroary 2016 any araka ny fanamboarana ny “calendrier”.

Ity “47 millions” ity izany dia “étape supplémentaire” anakiray fotsiny ampidiriny ao anatin’ny mba ahafahan’i Madagasikara mahazo vola, fa tsy miandry amin’ny faran’ny taona izay noresahana teo.

Izay angamba ny fanitsiana tiana apetraka mikasika an’io “47 millions” io.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Minisitra.

Heveriko fa mazava amintsika rehetra izay.

Tsy misy famaliana intsony avy amin’Andriamatoa Minisitra; tsy misy koa avy amintsika Solombavambahoaka, koa vita izany ny momba ny tatitra.

Mbola omena fitenenana indray ianao, Andriamatoa Minisitra, hamelabelatra ny anton’ity volavolan-dalàna ity.

Afaka mamonjy ny toeranao ianao, Andriamatoa Mpampakateny.

- Tehaka -

Omena fitenenana ianao, Andriamatoa Minisitra, hanazavazava ity volavolan-dalàna ity.

- Famelabelarana ny antonanton'ny volavolan-dalana -

Andriamatoa RAKOTOARIMANANA François Maurice Gervais, Minisitry Vola sy ny Tetibola Misaotra, Andriamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena.

Araka ny voalazan'ny Mpampakateny teo, ity volavolan-dalàna atolotra hankatoavina eto amin'ny Antenimierampirenena ity dia mikasika indrindra ny "Financement du Projet d'Extension du Périmètre de Bas-Mangoky".

Araka ny voalaza tamin'ny tatitra teo, roa tokoa ny volavolan-dalàna mikasika azy ity, fa ny kitapom-bola ivoahany fotsiny no samy hafa. Ny iray miainga amin'ny BAD ary ny iray kosa "financement"-n'ny BAD/FAD. Izany hoe na BAD na FAD, samy ao anatin'ny « Groupe de la Banque Africaine de Développement » ihany. Ny kitapom-bola ialany fotsiny no samihafa.

Mikasika ny "projet" voalohany izay mitentina "36 millions de dollars", natao mba hamatsiana vola ny "Projet d'Extension du Périmètre de Bas-Mangoky".

Ny "aspect technique", azoko omena ny Minisitry ny Fambolena ihany avy eo, fa ny tiako resahana fotsiny, eo amin'ny "36 millions de dollars" io famatsiam-bola iarahan'ny BAD/FAD manome io. Hitantsika ao anatin'ny "document" ihany ny "conditions" mikasika an'izay. Efa voalaza koa fa ny fotoana anaovana "remboursement" dia 40 taona, ka ny 10 taona voalohany, tsy mandoa vola isika.

Voalaza eo ihany koa fa 2% eo ny "remboursement"-n'ny renivola eo anelanelan'ny faha-11 sy ny faha-20 taona ary 4% kosa aorian'izay.

Lazainy ao anatin'ny koa ny mikasika ny "commission de service" sy ny « commission d'engagement » ; tsy tena misy « particularité » loatra ity famatsiam-bola ity, fa "classique" ihany ary tafiditra ao anatin'ny « prêt concessionnel » ihany amin'izao. Efa eken'ny mpamatsy vola amin'ny ankapobeny ny "prêt" sahala amin'izao.

Izay angamba no azoko resahana mikasika ny famatsiam-bola amin'ny maha famatsiam-bola azy.

Azoko omena, ny Minisitry ny Fambolena ny momba ny "aspect technique".

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Minisitry.

Raha mbola manana fitenenana ny Minisitry ny Fambolena, raisina am-panajana koa izany.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa RAVATOMANGA Rolland, Minisitry ny Fambolena sy ny Fampandrosoana ny eny Ambanivohitra

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena;

Ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra;

Ianareo Solombavambahoaka namana ato amin'ny Antenimierampirenena;

Andriamatoa Minisitra namana sy ny teknisiana ambony miara-dia aminay eto.

Fanamafisana kely amin'ny lafiny teknika fotsiny angamba, Andriamatoa Filoha. Anamafisana ny voalazan'ny tatitry ny vaomiera teo. Nangataka ity famatsiam-bola fanampiny ity isika satria hita fa mety sy nahaso ary nanaraka ny fepetra rehetra ilaina ny fanatanterahana ny asa natao tamin'ny famatsiam-bola andiany voalohany sy faharoa; nanaiky ampitiavana ny BAD sy ny FAD hoe rariny sy hitsiny ny hanaovana famatsiam-bola vaovao izay nangatahana.

Ny antony, araka ny voalaza tamin'ny tatitra teo, asiako fanamarihana teknika kely hoe hanenjehantsika 5000 na 6000 ha fanampiny, hamatsiana ara-bary ny Malagasy. « Précision technique » angamba no fomba ilazako azy hoe ny velaran-tany no 5 000 hektara na 6 000 hektara, fa ny tombotsoa lehibe azo, netintsika nadresen-dahatra ny BAD, fa raha mahavita 5 000 hektara amin'io faritra io izahay, mitovy amin'ny mahavita 10 000 hektara ihany satria azo anaovana fambolem-bary indroa misesy ao anatin'ny taona iray iny Faritra Atsimo-Andrefana iny. Izay no nahatonga ny famatsiam-bola ho moramora kokoa ny nahazoana azy ankoatra ny fahatsaran'ny fitantanana teo aloha tamin'ny tetikasa natao voalohany.

Fanamarihana faharoa, ny mampiavaka ity ezaka atao any amin'ny Faritra Atsimo Andrefana ity, nifanaraka ny mpamatsy vola sy isika Malagasy fa omena tombotsoa manokana ny vehivavy tompon'antoka amin'ny famokarana; izany hoe ny « femme exploitante » satria heverina fa tsy voajery manokana ry zareo kanefa raha ny zavatra hita tany an-toerana, ny vehivavy no tena mandray anjara be amin'ny asam-pamokarana any amin'ny Faritra iny ary neken'ny rehetra izany na ny mpamatsy vola na isika novatsiana. Niainga avy tamin'ireo fikambanana any Atsimo Andrefana ny fangatahana ary neken'ny Kaominina, neken'ny Faritra. Izany hoe nifanarahan'ny besinimaro.

Farany, amin'ny famatsiam-bola faharoa izay heverina hotanterahina manomboka amin'ity taona ity raha vao azo ny fankatoavana avy eto amin'ny Antenimierampirenena, fa homena fanampiana amin'ny lafiny fampianarana manokana amin'ny fitantanana ireo mpamokatra any amin'ny Faritra iny mba tena ho vokatra azo haingana sy maharitra no ho azontsika ary hampitomboina ny voka-bary eto Madagasikara.

Izay angamba no fanampiny azo atolotra, Andriamatoa Filoha, fa misaotra antsika rehetra nihaino hatramin'ny farany.

- 18 -

- **Adihevitra ankapobeny** -

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Minisitra, tamin'izay famelabelarana izay. Heveriko fa mazava amintsika Solombavambahoaka izay.

Amin'izao fotoana izao, raha misy adihevitra tokony hatao, afaka mandray fitenenana isika. Koa izay manan-kolazaina, iangaviana mba hanangan-tànana handraisana ny anarany. Ny Solombavambahoaka HENRI JEAN MICHEL, voafidy tao Ambovombe; anao ny fitenenana, Tompoko.

Andriamatoa HENRI Jean Michel

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba ny Minisitra mirahalaha sy ireo teknisianina miara-dia aminy.

Andriamatoa Minisitry, zavatra natao hampiroboroboana sy hanampiana ireo mpamboly any Ambanivohitra ity, tsy olana mihitsy ny mandany azy fa holanianay.

Ny zavatra tiako hanontanina fotsiny, tsy niresaka aho tamin'ny tatitra natao teo, fa aleoko homeko anao manokana ny fanontaniana, Andriamatoa Minisitry ny Fambolena. Ity resaka tetikasa ity moa mi-“engager génération” maromaro satria ao anatin'ny 40 taona no amerenana azy. Midi-trosa ny firenena, raha tsy tsara fitantanana, fahavoazam-be ho an'ny taranaka izany satria aloa ny trasa nefa ny “projet” tsy hamokatra. Ny resaka nataoko tamin'ny “travaux de commission” izay tsy voasoratra tamin'ity tatitra ity dia ny PHBM any Atsimo. Efa ho enina na valo taona izay no tapitra ny “projet”, ka mba tiako ho fantatra satria niroborobo ny « projet » tany amboalohany, fa amin'izao fotoana izao, mba nisy « évaluation » nataonareo ve nandritr'izay enina na valo taona lasa izay. Ahoana ny PHBM amin'izao fotoana izao satria raha tadidiko tsara ny antony nanaovana an'iny mba hialana amin'ny kere any atsimo. Ny kere anefa mbola mananontanona ihany amin'izao fotoana izao. Mba tiana ho fantatra hoe ahoana no niafaran'ny PHBM, Andriamatoa Minisitry?

Izay ihany, Andriamatoa Filoha, fa misaotra antsika.

Manentana ny namana mba handany an'ity “projet de loi” ity.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka, tamin'ny fandraisanao fitenenana.

Mbola misy Solombavambahoaka handray fitenenana ve.

Andriamatoa RAVELOARIVONJY Behavana, avy any Sambava.

Andriamatoa RAVELOARIVONJY Behavana

Miarahaba ny Minisitry sy ireo miaradia aminy.

Mitovitovy amin'ny voalazan'Andriamatoa DJAO JEAN ihany ny ahy Andriamatoa Filoha.

Holanianay ireto volavolan-dalàna ireto, Andriamatoa Minisitry isany.

Ny ahy indray, misy zavatra miala kely amin'ity fa araraotiko amin'ny ianao eto satria sarotra ny fandehanana any amin'ny biraonao.

Andriamatoa Minisitry ny Tetibola sy ny Fitantanam-bolam-panjakana, sahirana ny vahoaka any aminay any amin'ny tsy fahazoana “bon de caisse”, sanatrian'ny vava ariana any anaty fotaka; asa azon'Andriamatoa Minisitry ny tiako hotenenina. Sahirana ny vahoaka any aminay satria tsy tonga ny “bon de caisse” noho ny tsy fisian'ny fiaramanidina. Mieritreritra izahay fa tsy hilahatra intsony satria raha izany no mitohy, ho maty ny beantitra any aminay, ka tsy haiko na mety na tsia ny ilazana izany.

Izay no zavatra tiako tenenina, Andriamatoa Filoha. Ialako tsiny raha miala amin'ny "ordre du jour", fa mba tiako hasiana fanazavana, Andriamatoa Minisitry, fa mijaly ny vahoakanay.

Misaotra Tompoko.

Solombavambahoakan'i Sambava aho Andriamatoa Minisitry.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao Andriamatoa Solombavambahoaka.

Mbola misy manan-kolazaina sa tsy misy intsony?

Solombavambahoakana voafidy tany Soanierana-Ivongo, omena anao am-panajana ny fitenenana.

Andriamatoa TODY Arnaud

Misaotra anao, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba anareo Minisitry roa lahy izay tonga eto ary ny teknisiana miaraka aminareo.

Fanontaniana anankiray ihany no apetrako.

Amin'ny fanajariana ny lemaka: miandry "prêt" foana ve isika vao afaka manao azy ireny sa na tsy misy "prêt" aza azontsika amboarina ihany ireny. Ity mantsy izao "prêt" indray vao misy fanetsehana ny lemaka'i Bas-Mangoky kanefa misy lemaka maro tokony hojerena manerana an'i Madagasikara.

Misy valim-panontaniana nomen'Andriamatoa Minisitry hoe hojerena akaiky ny mikasika ny faritra sasany. Hojerena izany anie mbola tsy fantatra hoe rahoviana. Sao mba efa misy "calendrier" ihany any, mitovy amin'ny nataon'Andriamatoa Minisitry ny Fifandraisana mikasika ny fametrahana "émetteur" any amin'ny Distrika 40 izay notanisainy tsirairay teo. Mba tsy hisian'ny ahiahy aminay, azonao tanisaina hoe aiza daholo ny lemaka hojerena amin'ny manaraka ankoatr'ity lemaka'i Bas-Mangoky ity.

Fanontaniana anankiroa ihany izany, Andriamatoa Minisitry.

Misaotra indrindra.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Ny Solombavambahoaka RAMAROLAHY Maurice.

Andriamatoa RAMAROLAHY Maurice

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba antsika rehetra.

Ny "accord de prêt" tahaka itony, Andriamatoa Minisitry, resaka teknika; tsy ny faritra nanaovana ny "infrastructure" ihany no mamerina ny trosa fa ny taranaka Malagasy

manontolo mandritra ny 40 taona. Izay no mahatonga ahy matetika rehefa misy fihaonana amin'ny mambran'ny Governemanta toy izao, milaza hoe mba asio ihany ny "équilibre régional" satria misy faritra tsy voajery mihitsy. Voatonona ato Antsalova, efa nanaovana "étude de faisabilité". Azo atao anie ny asa, fa io "étude de faisabilité" io, fandaniem-bola fotsiny satria ny teknisiana hatramin'ny Repoblika Voalohany sy Faharoa, manao "étude" fotsiny hoe azo atao ny asa, fa ny "financement", ny fanatanterahana azy no tsy misy. Ohatra, ny "plaine de Bemamba", Kaominin'i Mahazoarivo, Distrikan'Antsalova izay mpamatsy vary an'i Menabe manontolo taloha, amin'izao fotoana izao anefa i Morondava sy Mahabo indray no mamatsy vary an'Antsalova sy Maintirano. Taloha io "plaine de Bemamba" io no mamatsy vary an'i Tsiroanomandidy ary kalitao tsara ny vary; ny olana, mihamandroso ny faritra hafa fa ny anay mihemotra. Izay no mahatonga ahy miteny hoe asio "équilibre régional" ihany.

Faharoa, misy ny "financement" avy amin'ny FIDA; apetrako ihany na tsy voalaza ato ny fanazavana azy. Ity "financement"-n'ny FIDA ity, ato amin'ny famatsiana faharoa no nanankinana azy; izany hoe na aty amin'ny faharoa aza, sady miandraikitra ny Faritr'i Menabe manontolo no miandraikitra koa ny ampahany amin'ny Faritr'i Melaky, ao anatin'izay Antsalova. Eo no tianay hitarina any amin'ny Faritr'i Melaky iray manontolo, fa tsy ampahany fotsiny satria voatonona ato ny faritr'i Menabe sy Melaky, ny "M" anankiroa izany. Aiza ho aiza ny fipetrak'izay satria nandeha ny resaka fa miato ny famatsiam-bola avy amin'ny FIDA kanefa nahitana taratra ny fampandrosoana ny faritra misy anay izy iny.

Farany, Andriamatoa Minisitra, tamin'ny Repoblika Faharoa angamba iny, nisy PPI na ny "petit périmètre irrigué", araka ny voalaza ato. Aiza ho aiza ny fipetrak'izay satria nahomby ny fampiasana azy tany amin'ny Faritra Melaky. Izay no mahatonga ny ampahany amin'ny Faritra Melaky amin'izao fotoana izao toy ny any Ambatomainty mahavatsy tena raha jerena. Mba ilainay izay zavatra izay; tokony handalovako any amin'ny biraonao saingy hararaotiko eto Andriamatoa Minisitra.

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Angamba tsy misy handray fitenenana intsony.

Mbola handray fitenenana ny Solombavambahoaka RASOAHERINJATOVO Bodovoahangy Dimitrine, avy any Ambato Boeny.

Ramatoa RASOAHERINJATOVO Bodovoahangy Dimitrine

Ombako manana ny fiarahabana efa nataon'ny namana teo aloha ho an'ireo Minisitra sy ny mpiara-dia aminy; ho anao koa Andriamatoa Filoha sy ny namana Solombavambahoaka.

Mitodika amin'Andriamatoa Minisitry ny Fambolena: mbola manamafy ny fangatahana izay efa natao tamin'ny fihaonana tamin'ny fihatombohan'ny fivoriana ihany ny tenako, ny fanajariana ny lemaka ao Marovoay izany. Anisan'izay koa izahay ao Madirovalo. Angamba

tsara raha jerena hoe tafiditra ao anatin'ity "projet" ity satria tena mamokatra vary, sompitra faharoa izahay, Tompoko.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao Ramatoa Solombavambahoaka.

Satria tsy misy Solombavambahoaka handray fitenenana intsony. Angatahana valiny aminareo, Andriamatoa Minisitry, ireo fanontaniana ireo, Tompoko.

Omena anareo am-panajana ny fitenenana.

Andriamatoa RAVATOMANGA Rolland, Minisitry ny Fambolena sy ny Fampandrosoana ny eny ambanivohitra

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Horaisiko araka ny fipetraky ny fanontaniana ny famaliana mba hahatsotra azy.

Nolazain'ny Solombavambahoaka HENRI JEAN MICHEL teo fa tsara ny fitantanana ny "projet PHBM"; fantatro tsara io tetikasa io, Andriamatoa Solombavambahoaka. Efa nitsidika tany indroa aho fony mbola mpanolo-tsaina teknika tao amin'ny Minisitry ary faly aho miteny aminao fa efa nisy fifampidinihana nataonay mivantana tamin'ny FIDA mba hijerena hoe inona no tohin'ny PHBM any Tsivory.

Ny tiako hambara amin'izany, na izahay aza nahahelo sy nahatsapa fa tokony hotohizana ny tetikasa satria tsara ny ezaka natao, nety ny vokatry kanefa lasa hadinodino tato aoriana. Fomba fitantanana io ka tsy anomezana tsiny an'iza na iza. Nisy filazana ny fisian'ny tsy fandriampahalemana tamin'ny taona 2008 ka hatramin'ny taona 2014, izay no nahatonga an'i Tsivory toa hadinodino. Rehefa nidinika tamin'ny tompon'andraikitra ambony ao amin'ny FIDA ary nentiko tamin'ny Filohan'ny FIDA mihitsy izany tamin'ny fandalovako tany "Rome" tamin'ny volana Febroary teo fa efa misy famatsiam-bola andalam-pamitana azy amin'izao fotoana. Ny tompon'andraikitra solotenan'ny FIDA eto Madagasikara dia efa mahafantatra tsara ny fangatahanay sy ny vinavinanay amin'io tetikasa io. Ny azoko lazaina, tsy afaka ny hanome toky aho hoe raikitra tanteraka izany kanefa sahy miteny aminao aho fa 70% na 80% aza azontsika antenaina; hisy "réexploitation" ny "infrastructure" natao tany. Ho avy ny teknisianinay hifanatonana aminareo tompon'andraikitra any an-toerana hijerentsika ny fanatanterahana an'izany. Manamafy aminao aho fa efa nanaiky hanome sahadry vola famonjena, vonjy maika angamba no hilazako azy ka "300 000 dollars" no homin'ny FIDA satria "réhabilitation" no hatao. Fantatro fa mbola tsara ny "infrastructure" any an-toerana fa ny fampiasana azy indray no tadiavintsika. Koa araka ny nambarako teo, ho avy ny fotoana hiarahantsika hanao ezaka vaovao izay tokony hatao amin'iny. Na izany aza, ny zavatra tiako ho fantatrao, taorian'ny fisian'ny "insécurité" iny, izay no filazan'ny « bailleur de fonds » azy, efa nanao ezaka nampiasa HIMO ihany tamin'iny faritra iny na tsy izy rehetra aza, fa faritra maromaro amin'ny lema'i Tsivory iny nanaovana « protection sociale » sy nanaovana « entretien et curage des canaux ». Ny zava-bita any an-toerana no manaporofa izany lazaiko izany mba hahatokisanao fa marina izany. Ny tohiny, mbola mangataka fiaraha-miasa aminareo izahay, mba hiaraka hitantana, hanatsara izay efa vita

isika ary hamelona ny fanadinoana nisy noho ny antony tsy fahampian'ny fandriampahalemana any an-toerana.

Faharoa, fanontaniana napetraky ny namana Solombavambahoakan'i Soanierana-Ivongo hoe: tsy maintsy miandry findramam-bola foana ve isika na « prêt » avy any ivelany vao afaka manao asa fanajariana na “construction d'infrastructure nouvelle”.

Voalohany, tiako ny mampahafantatra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka, fa ny asa lehibe toy itony, miara-mahita isika fa mahatratra “60 millions de dollars” ny « prêt » fanampiny fotsiny amin'ity. Aoka hotsorina fa raha ny vola eo ampelan-tànan'ny fitondrampanjakana Malagasy, tsy afaka hanaovantsika an'izany satria lasa manamafy indray ny fitongilanana, izay mahazo ihany no mahazo. Jerena kosa ny zava-misy hoe aiza no ahafahana manao tetikasa lehibe, hahavitana fotodrafitrasa manana « impact national ». Izay no tsy maintsy jerena amin'ny lafiny teknika. Fanapahan-kevitra noraisina tamin'ny filankevitry ny Minisitry mihitsy izay mba hialana amin'izay « déséquilibre régional » ezahintsika rehetra tsy hisy manomboka izao.

Tsy milaza anefa izany fa tsy hihetsika mihitsy rehefa tsy mahazo findramam-bola avy any ivelany.

Momba an'i Soanierana-Ivongo sy ny Faritra Analanjirofo iray manontolo, misy “financement”-n'ny FERA, “entretien des réseaux hydro-agricole” ampiasaina amin'ny Faritra 22 eto Madagasikara.

Farany, mino aho fa efa fantatrao ihany, vao tsy ampy iray volana izay no nidina tany Faritr'Analanjirofo ny ekipan'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny solotenan'ny “Banque Mondiale”, nijery ny ahafahana hoe inona no azo atao satria na izahay koa aza anisan'ny mahatsapa fa manana « potentiel » ny Faritr'Analanjirofo; ao anatin'izay i Soanierana-Ivongo. Tsy hiteny hoe mahita volana alohan'ny biby aho fa iarahantsika mahita eo; hisy « projet » hiarahana amin'ny “Banque Mondiale” hatao any. Ny fanirantsika dia mba ho tanteraka hatramin'ny farany izany. Raha tianao ho fantatra, « projet de croissance agricole » no anarany, hiarahana amin'ny “Banque Mondiale” io ary “financement” avy amin'ny “Banque Mondiale”. Antenaina sy irina fa ny faritra any aminao no anisan'ny ho voakasik'izany satria matoa natao ny fidinana tany an-toerana, fantatra fa mendrika an'izany iny faritra iny.

Raha feheziko: tsy misy fijery miangatra ao amin'ny Minisiteran'ny Fambolena hoe faritra izato na izaroa, fa ezahinay, ampiharinay amin'ny alalan'ny famatsiam-bolan'ny FER izay efa nolazaiko teo ny fijerena ny zava-misy amin'ireo « projets » efa mandeha amin'izao fotoana.

Raha mikasika an'Antsalova izay niangaviany hoe hitarina any amin'ny Faritr'i Melaky iray manontolo; angamba misy vaovao tsy tafita. Ialanay tsiny, Andriamatoa Solombavambahoaka, fa amin'ny famatsiam-bola fanampiny na amin'ny « financement additionnel » amin'ny faharoa, efa lasa any amin'ny FIDA izany, azo lazaina fa nekeny sahadry ny “34 400 000 dollars” ho entina amin'ny famatsiam-bola faharoa. Mahazo matoky ianao; tsy te-hiteny aho kanefa avoakako ihany: I Melaky no anisan'ny mahazo betsaka amin'izany, bebe kokoa noho ny an'i Menabe ny azy. Aza tenenina mafy loatra fa manjary mialona ry zalahy avy ao Menabe ka manjary ho sahirana aho.

Izay angamba ny amin'iny fa tsy idirako lalina loatra.

Ny zava-misy momba ny PPI, miteny aminao aho fa tsotra izany. Aoka tsy horeshahantsika intsony ny PPI satria "financement" kely dia kely no amin'io. Raha hiverina amin'ny PPI isika, ho votsotra indray ny AD2M, sanatria anie izany. Tsy ho tombotsoa ho anao izany na ho ahy. Aoka hajanontsika eo ny amin'iny.

Farany, fanontanian-dRamatoa Solombavambahoaka avy any Ambato-Boeny. Voaraiko ny fangatahanao, Ramatoa Solombavambahoaka; efa niresaka an'iny isika mianadahy. Aza matahotra ianao, fa mijery izay fomba haingana indrindra izahay izao. Asantsika izany mba tsy ho sanatria fitantanana tsy manaraka ny fenitra ilaina no hatao; hifampiantso amin'ny "téléphone" isika ka hojereko miaraka amin'ny teknisiana izay. Efa nisy fandinihana akaiky an'iny raharaha iny. Misaotra anao nampahatsiahy azy.

Izay, Andriamatoa Filoha, no valim-panontaniana azo omena avy amiko, fa omeko ny namana avy ao amin'ny Minisiteran'ny Tetibola, ny fitenenana.

Andriamatoa RAKOTOARIMANANA François Maurice Gervais, Minisitry ny Vola sy ny Tetibola

Andriamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena;
Isika Solombavambahoaka namana ao amin'ny Birao Maharitra;
Isika Solombavambahoaka manatrika izao fivoriana izao.

Hamaly ny fanontaniana napetrak'Andriamatoa Solombavambahoakan'i Sambava teo mikasika ny "bon de caisse" aho. Iaraha-mahalala tokoa ny olana amin'izao fotoana izao amin'ny fitokonan'ny "Air Madagascar". Heveriko fa mizaka ny tsy eran'ny ainy ny vahoaka, ka izany no tokony hahitana vahaolana araka ny teninao teo. Azo atao ny mitondra azy amin'ny fiara. Mila "sécurisation" matanjaka anefa ny mikasika izay mba ho tonga any amin'ny toerana tokony hitobiany ireny "bon de caisse" ireny. Ny tsara indrindra, rehefa tonga any an-toerana, tokony hanatona ny sampandraharan'ny "trésor" akaiky anareo ianareo manendry izay olona tokony hanao ny fitsinjarana ny "bon de caisse". Amin'izay fotoana izay, tokony hisy koa fiaraha-miasa amin'io sampandrahara io sy ny olona hizara azy, ka izy no tompon'andraikitra amin'ny fitsinjarana izany.

Raha mikasika ny karama kosa, ny Minisitry tsirairay avy no tompon'andraikitra amin'ny fandefasana izany any amin'ny toerana tokony hitobiany.

Misaotra Tompoko.

- 19 -

- Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalana laharana faha-009/2015 sy ny volavolan-dalana laharana faha-010/2015 -

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Minisitry, tamin'ny fandraisam-pitenenana nataonao teo ary misaotra an'Andriamatoa Minisitry ny Fambolena koa nitondra fanazavana.

Heveriko fa mazava amintsika rehetra izay voalaza teo ary samy nahazoana valiny ny lafiny fambolena sy ara-bola teo.

Amin'izao fotoana izao, satria tsy manan-kolazaina intsony ny Solombavambahoaka dia hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ireto volavolan-dalàna ireto isika. Ny laharana faha-009/2015 mikasika ny « accord de prêt » momba ny « extension du Périmètre de Bas-Mangoky », ny laharana faha-010/2015 koa tahak'izay. Samy ahitana andininy miisa roa ireo; koa araka ny andininy faha-161 amin'ny Didim-pitondrana laharana faha-67-AN/P amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena izay milaza fa tsy azo kitihana ireo andininy ao anatin'ny fifanarahana fa ankatoavina na tsipahina na ahemotra ny fandinihana azy. Ny andininy faha-86 ao amin'ny Fitsipika Anaty hatrany no ampiharintsika amin'ireo fandraisana fanapahan-kevitra ireo.

Ny handraisantsika fanapahan-kevitra voalohany dia ny laharana faha-009/2015. Mikasika ireo volavolan-dalana roa no teny nentin'ny Mpampakateny teto; rehefa vita ny ny volavolan-dalàna faha-009/2015, mandray fanapahan-kevitra amin'ny volavolan-dalàna laharana faha-010/2015 indray isika fa tsy hisy intsony ny fampakaran-teny hataon'ny vaomiera.

Miroso amin'ny volavolan-dalàna laharanafaha-009/2015 izany isika izao.

Atsangano ny tànan'izay mandany an'io volavoan-dalàna io.

- Solombavambahoaka miisa 35 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay milaza fa ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana azy.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambara fa lany ny volavolan-dalàna faha-009/2015 mikasika ny « Projet d'extension du Périmètre de Bas-Mangoky » araky ny voalaza teo.

Hiditra amin'ny volavolan-dalàna laharana faha-010/2015 indray isika izao.

Atsangano ny tànan'izay mandany an'io volavolan-dalàna io.

- Solombavambahoaka miisa 35 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay milaza fa ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana azy.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambara ihany koa fa lany ny volavolan-dalàna faha-010/2015 manome alalana ny "ratification" amin'io « accord de prêt relatif au financement du Projet d'Extension du Périmètre de Bas-Mangoky » io.

Taorian'izay fandaniana ny volavolan-dalàna izay, mbola omena fitenenana ianareo Minisitry raha toa misy ny teny tianareo hambara.

Omena anareo am-panajana ny fitenenana, Tompoko.

Andriamatoa RAVATOMANGA Rolland, Minisitry ny Fambolena sy ny Fampandrosoana ny eny Ambanivohitra

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Tsy misy ambara intsony angamba, Andriamatoa Filoha, fa manolotra ny fisaorana anao, Andriamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena, ianareo ao amin'ny Birao Maharitra ary ianareo namana Solombavambahoaka rehetra tamin'ny fiaraha-miasa amin'ny hampandrosoana ny tanindrazana.

Misaotra anareo rehetra, Tompoko.

- Tehaka -

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Minisitry.

Vita ny an'ny Minisiteran'ny Fambolena, fa ny Minisiteran'ny Vola sy ny Tetibola mbola misy iray miandry anareo, ka omen-dalana am-panajana ianareo avy ao amin'ny Minisiteran'ny Fambolena.

Ampanandrosoina kosa, Andriamatoa Minisitry ny Asa Vaventy, hiroso ato amin'ny efitrano.

Omen-dalana ianao, Andriamatoa Minisitry ny Fambolena sy ny teknisiana miaraka aminareo hamonjy ny adidy aman'andraikitra hafa izay miandry anareo.

Misaotra Tompoko.

Miangavy ny Minisitry ny Asa Vaventy sy ny teknisianina miaraka aminy mba hiroso ato anaty efitrano fivoriana

- Lakolosy -

Ramatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina indray teto no nitarika ny fivoriana.

- 20 -

- Fandinihana ny “projet de loi n°006/2015 du 11 Mars 2015 autorisant l’Accord de Prêt relatif au financement du Projet d’aménagement et d’asphaltage de la route nationale RN5 Soanierana Ivongo-Mananara Nord, conclu le 20 novembre 2014 entre la République de Madagascar et le Fonds d’Abu Dhabi pour le Développement » -

Ramatoa FILOHA

Faly miarahaba an’Andriamatoa Minisitra sy ireo teknisiana ambony miaraka aminy. Miarahaba antsika namana Solombavambahoaka ihany koa.

Tompokolahy sy Tompokovavy, mitohy ny fivoriantika.

Ny fandaharam-potoantsika manaraka dia fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny « projet de loi n°006/2015 du 11 Mars 2015 autorisant l’Accord de Prêt relatif au financement du Projet d’aménagement et d’asphaltage de la route nationale RN5 Soanierana Ivongo-Mananara Nord, conclu le 20 novembre 2014 entre la République de Madagascar et le Fonds d’Abu Dhabi pour le Développement ».

Koa iangaviana ny Mpampakatenin’ny vaomiera hamaky ny tatitra momba izany.

- 21 -

- Famakiana ny tatitra -

Andriamatoa RANAIVOSON Andrianavalona Fanomezantsoa Pierrot

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba an’ireo Minisitra mirahalaha sy ireo teknisiana rehetra ary isika Solombavambahoaka.

Nivory ny Zoma faha-19 Jona 2015 tamin’ny 5 ora sy 46 minitra, hariva, ny Vaomiera mitambatra niarahan’ny Vaomieran’ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ary ny Vaomieran’ny Asa Vaventy nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-006/2015 tamin’ny 11 Martsa 2015 « autorisant l’Accord de Prêt relatif au financement du projet d’aménagement et d’asphaltage de la route nationale RN5 Soanierana Ivongo-Mananara Nord, conclu le 20 novembre 2014 entre la République de Madagascar et le Fonds d’Abu Dhabi pour le Développement ».

Andriamatoa ZAFIMAHATRATRA Abel, Filohan’ny Vaomieran’ny Asa Vaventy, no nitarika ny fivoriana.

Ireo mpikambana ao amin’ny Vaomieran’ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1. RAZAFAMILY Constance
2. RANAIVOSON Andrianavalona Fanomezanjaka
3. RIVOTIANA Jean Bosco

4. RAHARINIRINA Sidonie
5. HENRI Jean Michel
6. RANDRIAMBOLAINA Gerry

Ireo mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Asa Vaventy
Andriamatoa isany:

1. ZAFIMAHATRATRA Abel
2. RAVONINJATOVO Sahoby

Tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana:
Andriamatoa isany:

1. RABENIRINA Maminiaina
2. RAMAROLAHY Maurice

Ireo teknisiana tonga nisolotena ny Governemanta:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- | | |
|------------------------------|---------------|
| - RANDRIANASOLO Alexandre | SG/MFB |
| - RAMANAMISATA Jean Pascal | DG/ARM |
| - RABE Antoni | ARM |
| - RAHANIRAKA Haingotiana | DDP/MFB |
| - ANDRIAMIFIDY Soafaniry | DDP/MFB |
| - ANDRIANJAZA Harimbolatiana | DDP/MFB |
| - YAMICOLE Franckline | SRI/Primature |

Rehefa avy niarahaba sy nanao ny fifampahafantarana ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny ny teknisiana ny fitenenana mba hanazavazavany ny antonanton'ity volavolan-dalàna ity.

Nambaran'Andrimatoa Tale Jeneralin'ny ARM « Autorité Routière de Madagascar » fa ara-teknika no fanazavana azy ity. Misy fizarana roa no hanaovana ny fanamboaran-dalana : ny voalohany dia ny lalana mampitohy an'i Soanierana Ivongo-Vahibe no voakasik'ity famatsiam-bola ity. Ny faharoa, Vahibe-Mananara Nord izay tsy mbola voakasik'ity « phase » voalohany ity.

Io lalana io dia lalan-tany no hatao tara “revêtement en béton bitumineux” izay mirefy 75,6 km no halavany; ny hateviny kosa eo amin'ny 5cm eo ka somary hatao malama izany. Miisa 7 ny tetezana hatao ary misy toerana 4 izay andehanana « bac » hovolena tetezana. Tafiditra amin'izany koa ny fanamboarana ny “ouvrages hydrauliques”. Marihina fa eritreretina amin'ny taona 2016 vao hanomboka ny asa.

Efatra no mpamatsy vola amin'ity tetikasa ity:

- Fonds Koweitien de Développement Economique Arabe (FKDEA)
- Fonds Saoudien pour le Développement (FSD)
- Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique (BADEA)
- Fonds d'Abu Dhabi pour le Développement (ADFD)

Taorian'izay dia nandray fitenenana ny Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola mikasika ny fepetra amin'ity famatsiam-bola ity izay mitentina

110 190 000 AED na 30 000 000 USD na 78 315 000 000 MGA, ka 20 taona no hamerenana ny vola. Ny 5 taona voalohany tsy mbola hamerenana ny renivola (5 ans différé), 1,5% no tahan'ny zana-bola « taux d'intérêt », 0,5% no « commission de service » ary 0,5% no « taux d'engagement ».

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ireo Solombavambahoaka:

1. 75 km Soanierana Ivongo-Vahibe ka hotohizana ve izy io satria ny lalana Vahibe-Mananara Nord no tena ratsy?
2. Vola hindramina izy ity ka ny mpamatsy vola ve no nisafidy io Soanierana Ivongo-Mananara io satria betsaka ihany koa ny lalana ratsy eto amintsika?
3. Ahoana ny “durée de vie 15 ans” nefa ny “remboursement 20 ans” mila fanazavana io?
4. Manao ahoana ny mikasika ny lalana Ambovombe-Fort Dauphin sy Vangaindrano-Fort Dauphin?

Valim-panontaniana naroson'ny teknisiana

1. Zaraina roa ity fanamboaran-dalana ity ary rehefa tonga teto ny Tale Jeneralin'ny BADEA izay nilaza fa aleo ny “phase” voalohany no atao avy eo vao hatao ny “phase” faharoa.
2. Misy fanadihadiana natao mifanaraka amin'ny “potentiel économique”-n'iny faritra iny, toy ny kafe sy ny jirofo. Fantatsika rahateo fa miampita “bacs” in-13 amin'iny lalana iny vao tonga any Mananara.
3. Isan-taona dia tokony hisy fanamboarana madinidinika atao amin'ny lalana fa ny asa fikojakojana ny lalana dia atao isaky ny 7 taona. Raha izay no voahaja dia mihoatra ny 15 taona no “durée de vie” ny lalana.
4. Ny RN13 Ambovombe-Fort Dauphin sy Vangaindrano-Fort Dauphin dia tafiditra amin'ny “XI^{ème} FED”.

Nanamarika ny Solombavambahoaka iray fa tokony hojerena ihany koa ny lalana mampitohy an'Ambohitrimanjaka-Arivotrimamo satria sahirana ny olona miampita lakana.

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahazoana manapa-kevitra dia niato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Nankatoavin'ny Vaomiera mitambatra ny volavolan-dalàna laharana faha-006/2015 tamin'ny 11 martsa 2015 « autorisant l'Accord de Prêt relatif au financement du Projet d'aménagement et d'asphaltage de la route nationale RN5 Soanierana Ivongo-Mananara Nord, conclu le 20 novembre 2014 entre la République de Madagascar et le Fonds d'Abu Dhabi pour le Développement » ka hoentina any amin'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 6 ora sy 25 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

- Fanamarihana na fanitsiana ny tatitra -**Ramatoa FILOHA**

Misaotra anao, Andriamatoa Mpampakateny nitondra izany tatitra izany.

Hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra novakiana teo isika. Mbola tsy miditra amin'ny adihevitra ankapobeny, fa fanitsiana ny tatitra aloha no ataontsika izao. Koa atsangano ny tàmantsika izay handray fitenenana handraisana ny anarany. Avy amintsika Solombavambahoaka aloha, aorian'izay ny solotenan'ny Governemanta.

Tsy misy, ny solotenan'ny Governemanta, sao misy ambara momba ny fanitsiana ny tatitra teo.

Andriamatoa RATSIRAKA Iarovana Roland, Minisitry ny Asa Vaventy

Ramatoa Filoha;

Isika Solombavambahoaka.

Misy fanitsiana kely ao amin'ny "paragraphe 3, page 3" amin'ny hoe: io lalana io dia lalan-tany no hatao tara "revêtement en béton bitumineux", ny hateviny kosa dia eo amin'ny 5sm. Ny hatevin'ny "revêtement" io fa tsy hatevin'ny lalana.

Eo ambanimbany indray, « bacs » hovolena tetezana, « bacs » hosoloina tetezana no izy.

Ramatoa FILOHA

Voaray, Andriamatoa Minisitry.

Andriamatoa RATSIRAKA Iarovana Roland, Minisitry ny Asa Vaventy

Azafady mbola eo ihany isika: ny "bacs" miisa efatra no soloina tetezana. Tsara ho marihina ihany fa ao Soanierana-Ivongo ny iray, ao Andrangazaha ny faharoa, Fandrarezana ny fahatelo, Vahibe ny fahefatra.

Farany eo amin'ny mpamatsy vola, miisa 5 ireo mpamatsy vola fa tsy 4 ka ireto avy izany: "Fonds Koweïtien, Fonds Saoudien, Banque Arabe na ny BADEA, Fonds d'Abu Dhabi ary ny OFID.

Ao amin'ny pejy fahefatra, Tompoko, amin'ny "deuxième paragraphe" misy hoe: miampita "bacs" 13 vao tonga any Maroantsetra satria hitantsika teo aloha fa miampita "bacs" 4 vao tonga any Mananara.

Eo amin'ity fahatelo ity misy hoe: ny asa fikojakojana ny lalana dia atao isaky ny 7 taona. "Entretien périodique" ny tiana lazaina amin'io fa isan-taona ihany ny "entretien courant".

Izay ihany, Ramatoa Filoha, no fanitsiana avy aminay.

Ramatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Minisitry.

Voaray izay fanitsiana izay.

Vita izay ny momba ny tatitra, ka omena fitenenana ianareo solotenan'ny Governemanta hamelabelatra amin'ny ankapobeny ny antonanton'ity volavolan-dalana ity. Marihina fa afaka mangataka fitenenana hatrany ianareo mandritry ny adihevitra.

Omena anareo ny fitenenana, Tompoko. Misaotra ny mpampakateny ihany koa.

- 23 -

- Famelabelarana ny antonanton'ny volavolan-dalana -

Andriamatoa RAKOTOARIMANANA François Maurice Gervais, Minisitry ny Vola sy ny Tetibola

Ramatoa Filoha;

Isika mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra ;

Ianareo Solombavambahoaka manatrika izao fivoriana izao.

Arak'izay voalaza teo izay, ity volavolan-dalana atolotra holaniana eto amin'ny Antenimierampirenena ity dia mikasika indrindra ny "accord de prêt" momba ny tetikasa ho an'ny "aménagement et asphaltage" amin'ny RN5 mampitohy an'i Soaniera-Ivongo sy Mananara Avaratra. Voalaza teo koa fa misy dimy ny mpamatsy vola hanaovana ny asa.

Misy fanamarihana kely hataoko angamba; tsy fanamarihana fa fanampim-baovao tiako homena. Tsara ny manamarika fa raha miisa 5 ny mpamatsy vola noresahina teo, iray ihany ity voalaza ao anatin'ny "accord de prêt" ity dia ny "Fonds d'Abu Dhabi" izany. "30 millions de dollars" no entin'ny "Fonds d'Abu Dhabi". Marina mihitsy izay, fa raha ny teti-bidin'ny asa tokony hatao, mitentina any amin'ny "80 millions de dollars" any ho any. Izany hoe, ampahany ihany ity "financement" ity fa mbola ho avy ny ampahany avy amin'ny "Fonds Koweïtien" sy ny "Fonds Saoudien" ao amin'ny BADEA sy OFID, fa ny "Fonds d'Abu Dhabi" ity voalaza eto ity.

Tsy hivalapatra amin'ny fepetra momba ny famatsiam-bola aho satria efa nolazain'ny mpampakateny teo izany; heveriko fa mazava ny filazana fa 20 taona no hamerenana ny vola, ny 5 taona voalohany, tsy mandoa na inona na inona isika. Ny tahan'ny zana-bola, 1,5% ary ny "commission de service" koa 0,5%; tahak'izay koa ny "taux d'engagement".

Ny momba ny lafiny ara-bola angamba heverina fa tsy misy madilana hotentenina intsony izay voalaza ato amin'ny tatitra, ankoatran'ny isan'ny mpamatsy vola izay handary anjara amin'ny famatsiana ny fanaovana ny lalana Soanierana Ivongo-Mananara Avaratra ity.

Mikasika ny "aspect technique" angamba, homeko an'Andriamatoa Minisitry ny Asa vaventy.

Andriamatoa RATSIRAKA Iarovana Roland, Minisitry ny Asa Vaventy

Misaotra, Andriamatoa Minisitry.

Angamba efa voateny tao anatin'ny tatitra nataon'ny vaomiera teo daholo; tsy tokony hadinontsika fa 75,6km ity lalana hatao ity, ny halavan'ny lalana mankany Mananara anefa mirefy 117km. Izany hoe mbola misy tsy ampy kely ny famatsiam-bola. Io ambiny io no tsy maintsy itadiavana vahaolana.

Izay ihany no fanampiana entinay koa misaotra anareo.

Misaotra Tompoko.

- 24 -

- **Adihevita ankapobeny** -

Ramatoa FILOHA

Isaorantsika ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta tamin'izay famelabelarana nataon'izy ireo izay.

Hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny isika, koa izay handray fitenenana, iangaviana hanangan-tànana handraisana ny anarany.

Ny Solombavambahoaka ZAFIMAHATRATRA Abel.

Andriamatoa ZAFIMAHATRATRA Abel

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba anareo Birao Maharitra;

Miarahaba anareo Minisitry mirahalaha;

Miarahaba antsika namana Solombavambahoaka rehetra koa.

Adihevitra lavalava tokoa no tao amin'ny asam-baomiera; efa nambaran'ny Minisitry mirahalaha teo ny zavatra tokony hotanterahantsika na "aspect technique" io na "aspect financier". Koa manentana avy hatrany no atao, Ramatoa Filoha, satria asa ho an'ny firenena ity; hita tokoa ny havantsika any Mananara Avaratra sy any Maroantsetra fa sahirana. Ohatra, tamin'ny 2 taona lasa raha nisy fahatapahan-dalana ka misy razana entina mankany, rehefa entina amin'ny fiaramanidina, tsy maintsy tapahana ny tongony satria fiaramanidina kely no afaka mankany tamin'izay fotoana izay. Voatery tapahana ny tongotry ny maty vao aforitra ao anaty vatapaty kely ka rehefa tonga any vao atambatra indray.

Heveriko fa Malagasy manana fo mitempo isika, ka raha tonga ity zavatra ho fampandrosoana ny tanindrazana iombonana ity na eo aza ny resaka "potentialité économique": jirofo, kafe ary dipoavatra; mendrika sy rariny, Tompoko, raha laniansika ampitiavana tanteraka ity satria fanavotana ny firenena iombonana; lavitra andriana mantsy ireo namantsika any Mananara Avaratra sy any Maroantsetra ireo.

Araraotiko eto, Ramatoa Filoha, nisy fanitsiana teo tamin'ny fahatongavana: ny Solombavambahoaka RAHARINIRINA Sidonie tonga saingy tsy voasoratra tao ny anarany,

sady zanak'i Mananara rahateo no Solombavambahoakan'i Mananara Nord; nanatrika asam-baomiera tao izy.

Mino sy manantena antsika Solombavambahoaka fa hifidy ny volavolan-dalàna.

Misaotra indrindra antsika Solombavambahoaka namana handany an'ity volavolan-dalàna ity, mba ahafahana miroso avy hatrany amin'ny asa amin'ny fotoana mampety azy.

Mankasitraka, Ramatoa Filoha.

Ramatoa FILOHA

Misaotra anao Andriamatoa Solombavambahoaka.
Ny Solombavambahoaka TODAY Arnaud.

Andriamatoa TODAY Arnaud

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba anareo Andriamatoa Minisitry sy ny teknisianina miaraka aminareo.

Saika tsy hiteny izahay raha mikasika ny fifidianana ity lalàna vaovao ity satria tamin'ny Minisitry taloha, efa nametraka fanontaniana maro izahay. Mikasika anay mivantana anefa ity ka hiteny ihany ny tena.

Manamafy ny tenin'ny Filohan'ny Vaomiera teo izahay: mitaona antsika namana hifidy an'ity lalàna ity ary fantatray fa vonona hifidy azy ianareo. Hitanareo niaritra teto ihany izahay tamin'ny fifidianana ny lalàna teo taloha koa mitaona anareo.

Isaorana koa ny namana sasany niaritra hatramin'ny farany noho ny firaisan-kinantsika. Isaorana ary miangavy antsika hifidy ny lalàna.

Isaorana koa, Andriamatoa Minisitry; maro ihany ny Minisitry tonga teto niresaka ity lalàna ity, raha tsy diso aho, efa intelo angamba izay. Ny tiako ho marihina kely aminy satria efa mandeha ihany ny tsaho any Soanierana-Ivongo sy Mananara amin'ny daty hanombohana azy hoe amin'ny taona 2016. Afaka manao vinavina ve, Andriamatoa Minisitry, volana inona no hanombohana. Tena efa voarotsaka ao amin'ny kaontintsika ve ireo vola ireo sa mbola ho avy.

Ataoko lavalava kely ny fanazavako: amintsika miresaka izao, efa manomboka velom-bolo ny vahoakan'i Mananara sy Soanierana-Ivongo satria efa 50 taona lasa izay no hoe hamboarina hono ny lalana Soanierana-Ivongo mankany Mananara; lasa ny 20 taona, hamboarina hono, hamboarina hono. Mipetraka aminay izany fanontaniana izany, Andriamatoa Minisitry. Omaly sy afak'omaly, asiako hono foana, hamboarina hono, hamboarina hono; tamin'izay fotoana izay aza efa nisy "engin" tonga tany mihitsy hamboatra lalana. Isika mahita, fa lò tao ny "engin", hatramin'izao tsy tafavoaka tao tsy vita ny lalana. Amin'izao, mino izahay fa ho vita izy amin'ity.

Fanontaniana apetraka amin'Andriamatoa Minisitry ny Tetibola indray, somary mivaona kely ihany. Mitaraina, Andriamatoa Minisitry, ny mpiasa taloa, ireo "agents déflatés" tamin'ny SOLIMA sy ireo akaiky hisotro ronono ao amin'ny SPAT, mahatonga "dossier" ao aminay

mihitsy izy ireo hoe: ahoana no tohin'ny fangatahan-dry zareo eny na tsia; mety hisy fanantenana ihany ve hono sa tena efa tsy hisy intsony.

Misaotra, Andriamatoa Minisitra.

Ramatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Omentsika ny solotenan'ny Governemanta indray ny fitenenana.

Andriamatoa RAKOTOARIMANANA François Maurice Gervais, Minisitry ny Vola sy ny Tetibola

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Mikasika ny resa-bola teo : ny “adoption”-n'ity lalàna ity ato amin'ny Antenimierampirena no andrasana dia hatao ny “mise en vigueur” momba azy. Tokony tsy hisy ahiahy intsony mikasika azy, fa ny fandaniana ihany no andrasana.

Ny fanontaniana faharoa, mikasika ny “agents déflatés” tamin'ny SOLIMA sy ny SPAT. Ohatran'ny tampoka amiko ny fanontaniana koa aleo tsorina, fa raha misy “dossier” any, asa tokony halefa any amin'ny Minisitera dia hojereko manokana ny momba azy hoe ahoana no zavatra efa natao mikasika azy ireo.

Eto tsy misy zavatra afenina fa rehefa azo atao dia atao; rehefa tsy azo atao kosa, lazainay ihany ny antony.

Izay no azo ambara mikasika an'izay.

Ramatoa FILOHA

Omena anao ny fitenenana, Andriamatoa Minisitra.

Andriamatoa RATSIRAKA Iarovana Roland, Minisitry ny Asa Vaventy

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Misy fanontaniana momba ny daty teo: “actualisation des études” no atao amintsika miteny izao. Tokony ho vita alohan'ny faran'ny taona izany, avy eo isika manao ny “appel d’offres”. Farafahatarany, Andriamatoa Solombavambahoaka, amin'ny enim-bolana faharoa amin'ny taona 2016 no tokony hanomboka ny lalana.

Misaotra Tompoko.

- 25 -

**- Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika
ny "projet de loi n°006/2015 du 11 mars 2015 -**

Ramatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Minisitra.

Tsy misy manan-kolazaina intsony isika ka hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny "projet de loi n°006/2015 du 11 mars 2015 autorisant l'Accord de Prêt relatif au financement du projet d'aménagement et d'asphaltage de la route nationale RN5 Sonierana Ivongo-Mananara Nord, conclu le 20 novembre 2014 entre la République de Madagascar et le Fonds d'Abu Dhabi pour le Développement ».

Ahitana andininy miisa 2 ihany koa ity volavolan-dalàna ity. Koa araka ny voalazan'ny andininy faha-161 ao amin'ny Didim-pitondrana laharana faha-67-AN/P mikasika ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia tsy azo kitihana ireo andininy ao amin'ny fifanarahana fa na ankatoavina na tsipahana na ahemotra ny fandinihana azy.

Amin'izao fandraisana fanapahan-kevitra izao, ny andininy faha-86 ao amin'ny Fitsipika Anaty hatrany no ampiharintsika.

Atsangano ny tànan'izay mandany an'ity volavolan-dalàna ity.

- Solombavambahoaka miisa 30 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay milaza fa ahemotra ny fandinihana azy.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambara fa lany ity volavolan-dalàna ity.

- Tehaka -

Taorian'ny fandaniahana ny volavolan-dalàna izay, omena fitenenana ny solotenan'ny Governemanta raha toa misy teny tiany ambara.
Omena anareo ny fitenenana, Tompoko.

Andriamatoa RATSIRAKA Iarovana Roland, Minisitry ny Asa Vaventy

Ramatoa Filoha;

Ianareo Mambran'ny Birao Maharitra;

Ianareo Solombavambahoaka rehetra;

Andriamatoa Minisitry izay tonga manolotra ity lalàna ity miaraka aminay.

Voninahitra sy hafaliana ho anay no nanolorana ity lalàna ity koa mankasitraka ny fandanianana azy 100% izahay.

Tiako ampahafantarina antsika fa ny asa tanterahina ankehitriny dia hanova ny tantaran'i Madagasikara raha ny resaka RN9 fotsiny no asiako teny izay tsy mbola natao "goudron" mihitsy hatramin'izay. Anisan'ny lalana mbola tsy "bitumer" mihitsy koa ity hatramin'izay. Maro ny lalana mbola tsy "bitumer", ho vita izany amin'ny taona ho avy.

Mankasitraka sy mankatelina antsika mianankavy, Tompoko.

- 26 -

- **Fiatoan'ny fivoriana** -

Ramatoa FILOHA

Omenay lalana ianareo satria mbola misy lalàna miisa roa mbola hatrehina. Koa miangavy anareo aloha mba tsy handeha, Andriamatoa Solombavambahoaka isany.

Tompokolahy sy Tompokovavy, raha araka ny voasoratra ao amin'ny fandaharantsika amin'izao Alatsinainy hariva izao, tokony handinika sy handray fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-015/2015 momba ny fitantanana ny volam-panjakana tamin'ny taona 2009 isika.

Ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola anefa mbola tsy nahavita ny fandinihana azy. Noho izany, raha sitrakareo, hahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika izany volavolan-dalàna izany.

Atsangano ny tanaan'izay manaiky izany soso-kevitra izany.

- Solombavambahoaka maro no nanangan-tàna -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambara fa ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana izany volavolan-dalàna izany.

Ny farany tokony hodinihantsika dia ny volavolan-dalàna laharana faha-013/2015 tamin'ny 18 Mey 2015 ananganana ny tambazotra manokana iadiana amin'ny fanondranana andramena na ny hasin'ny hazomainty sy ny fanasaziana ireo fandikan-dalàna mikasika izany.

Raha ny tokony ho izy, efa misy tatitra tonga eny am-pelan-tànantsika kanefa mitovy amin'ny lalàna teo ihany koa izy ity. Nisy fanapahan-kevitra tao amin'ny asam-baomiera hoe mbola mila fandalinana kokoa ity volavolan-dalàna ity.

Izay soso-kevitra izay no entina eto amintsika handraisana fanapahan-kevitra hoe ahemotra amin'ny manaraka ny fandinihana azy. Izany no hanaovantsika tsangan-tànana.

Atsangano ny tànana'izay manaiky ny soso-kevitra nataon'ny vaomiera.

- Solombavambahoaka maro no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambara ihany koa fa ahemotra amin'ny manaraka ny fandinihana ny volavolan-dalàna voalaza teo.

Miato hatreo ny fotoanantsika androany.

Isaorana isika rehetra.

Mirary antsika rehetra hanao fety sambatra daholo.

- Lakolosy -

Niato tamin'ny 6 ora sy 35 minitra, hariva, ny fivoriana.

NY FILOHA



RAKOTOMAMONJY Jean Max

FIZAHAN-TAKELAKA

	Pejy
- Fitohizan'ny fivoriana	01
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	01
- Fiantsoana anarana	02
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIANARISOA Guy Célin Rivoniaina	02
- Fandinihana ny "projet de loi n°008/2015 du 06 mai 2015 relatif au Volontariat à Madagascar"	02
- Famakiana ny tatitra	02
- Teny nataon-dRamatoa RATSIVALAKA née RAHERIARIVO Marie Michelle	02
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	06
- Fanamarihana na fanitsiana ny tatitra	06
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIANJATO Vonison, Ministry Serasera sy ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana	06
- Famelabelarana ny antonanton'ny volavolan-dalana	07
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIANJATO Vonison, Ministry ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana	07
- Adihevitra ankapobeny	08
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	08
- Teny nataon'Andriamatoa REMI dit DJAO JEAN	09
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	09
- Teny nataon'Andriamatoa TODY Arnaud	10
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	10
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIANJATO Vonison, Ministry ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana	11
- Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalana laharana faha-008/2015 tamin'ny 6 Mey 2015 mikasika ny filatsahana an-tsitrapo eto Madagasikara	12
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	12
- Teny nataon'Andriamatoa JEAN MICHEL HENRI	12
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	17
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIANJATO Vonison, Ministry ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana	17
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	18
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIANJATO Vonison, Ministry ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana	19
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	20
- Fandinihana ny « projet de loi n°029/2014 du 03 mai 2014 autorisant la ratification du Protocole III additionnel aux conventions de Genève relatif aux Emblèmes »	20
- Famakiana ny tatitra	21
- Teny nataon'Andriamatoa RAMAROLAHY Maurice	21
- Fanamarihana na fanitsiana ny tatitra	25
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	25
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTOZAFY Dominique Jean Olivier, Ministry ny Fiarovam-pirenena	25
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	26

- Famelabelarana ny antonanton'ny volavolan-dalana	26
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTOZAFY Dominique Jean Olivier, Ministry ny Fiarovam-pirenena	26
- Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny « projet de loi n°029/2014 du 03 octobre 2014 autorisant la ratification du Protocole III additionnel aux conventions de Genève relatif aux Emblèmes »	27
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	27
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTOZAFY Dominique Jean Olivier, Ministry ny Fiarovam-pirenena	28
- Fandinihana ny volavolan-dalana laharana faha-009/2015 tamin'ny 6 Mey 2015 “autorisant la ratification de l’Accord de Prêt de la Facilité d’Appui à la Transition relatif au financement du Projet d’Extension du Périmètre de Bas-Mangoky conclu le 06 Mars 2015 entre la République de Madagascar, la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (BAD/FAD)	29
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	29
- Famakiana ny tatitra	30
- Teny nataon'Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery	30
- Fanamarihana na fanitsiana ny tatitra	34
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	34
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTOARIMANANA François Maurice Gervais, Ministry Vola sy ny Tetibola	34
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	35
- Famelabelarana ny antonanton'ny volavolan-dalana	36
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTOARIMANANA François Maurice Gervais, Ministry Vola sy ny Tetibola	36
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	36
- Teny nataon'Andriamatoa RAVATOMANGA Rolland, Ministry ny Fambolena sy ny Fampandrosoana ny eny Ambanivohitra	36
- Adihevitra ankapobeny	37
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	37
- Teny nataon'Andriamatoa HENRI Jean Michel	38
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	38
- Teny nataon'Andriamatoa RAVELOARIVONJY Behavana	38
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	39
- Teny nataon'Andriamatoa TODY Arnaud	39
- Teny nataon'Andriamatoa RAMAROLAHY Maurice	39
- Teny nataon-dRamatoa RASOAHERINJATOVO Bodovoahangy Dimitrine	39
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	41
- Teny nataon'Andriamatoa RAVATOMANGA Rolland, Ministry ny Fambolena sy ny Fampandrosoana ny eny ambanivohitra	41
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTOARIMANANA François Maurice Gervais, Ministry ny Vola sy ny Tetibola	43
- Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalana laharana faha-009/2015 sy ny volavolan-dalana laharana faha-010/2015	43
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	43
- Teny nataon'Andriamatoa RAVATOMANGA Rolland, Ministry ny Fambolena sy ny Fampandrosoana ny eny Ambanivohitra	45

- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	45
- Fandinihana ny "projet de loi n°006/2015 du 11 Mars 2015 autorisant l'Accord de Prêt relatif au financement du Projet d'aménagement et d'asphaltage de la route nationale RN5 Soanierana Ivongo-Mananara Nord, conclu le 20 novembre 2014 entre la République de Madagascar et le Fonds d'Abu Dhabi pour le Développement »	46
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	46
- Famakiana ny tatitra	46
- Teny nataon'Andriamatoa RANAIVOSON Andrianavalona Fanomezantsoa Pierrot	46
- Fanamarihana na fanitsiana ny tatitra	49
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	49
- Teny nataon'Andriamatoa RATSIRAKA Iarovana Roland, Ministry ny Asa Vaventy	49
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	50
- Famelabelarana ny antonanton'ny volavolan-dalana	50
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTOARIMANANA François Maurice Gervais, Ministry ny Vola sy ny Tetibola	50
- Teny nataon'Andriamatoa RATSIRAKA Iarovana Roland, Ministry ny Asa Vaventy	51
- Adihevita ankapobeny	51
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	51
- Teny nataon'Andriamatoa ZAFIMAHATRATRA Abel	51
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	52
- Teny nataon'Andriamatoa TODAY Arnaud	52
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	53
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTOARIMANANA François Maurice Gervais, Ministry ny Vola sy ny Tetibola	53
- Teny nataon'Andriamatoa RATSIRAKA Iarovana Roland, Ministry ny Asa Vaventy	53
- Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny "projet de loi n°006/2015 du 11 mars 2015	54
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	54
- Teny nataon'Andriamatoa RATSIRAKA Iarovana Roland, Ministry ny Asa Vaventy	55
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	55
- Fiatoan'ny fivoriana	55